

TAHIRY

SERASERAN'NY TAHIRIMBOLAM - PANJAKANA

Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor

Numéro 29



MARS

2013

Tokony hiezaka ny tsirairay mba tsy ho verivery fotsiny ny vola noho ny tsy fitandremana sy ny tsy fahaizana

Manomboka ny taom-piasana vaovao raha ny fanatanterahana ny tetibola no asiana resaka, na ho an'ny Fanjakana foibe, na ho an'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Noho izany, rariny raha manao dian-tana, ka mitodika mijery ny lasa mba hanatsarana ny ho avy.

Eo amin'ny lafiny fandaniana no tena tiana hasian-teny eto satria efa azo lazaina ho kely dia kely ny tetibola entimiasa noho ny politikam-pitsitsiana. Noho izany, tsy tokony ho verivery fotsiny ny vola noho ny tsy fahaizana manao na tsy fitandremana.

Raha ny ato amin'ny Faritra Betsiboka manokana dia mbola maro ny lesoka sy ny madilana hotenterina raha tarafina avy amin'ny taha'ny fampiatoana na fandavana fandoavam-bola tamin'ny taona 2012 lasa iny izay mbola nahatratra 20%. Isan-taona dia manao ny ezaka rehetra hampihenana izany ny sampandraharahan'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola aty amin'ny faritra. Misy ny fampiofanana fanao isaky ny fiandohan'ny taom-piasana. Eo ihany koa ny fivoriana isambolana eo anivon'ny *Club Régional de gestion publique* izay mitsangana eto amin'ny Faritra Betsiboka toy ny any amin'ny faritra hafa araka ny toromariky ny Ministera.

Tsapa anefa fa vitsy ireo tomponandraikitra mivantana amin'ny fanatanterahana ny tetibola toy ny mpanalalana sy ny mpitantan-draharaha no tonga manatrika sy mandray anjara amin'ireny fivoriana ireny na dia eo aza ny taratasy fanasana izay efa alefa mialoha mba hahafahan'izy ireo mandamina ny fandaharam-potoanany. Solontena no alefan'izy ireo nefa tsy maharary ary tsy mahatafita araka ny tokony ho izy

ny fanazavana akory izy ireny matetika. Fantatra nefa fa misy hatrany ny fanavaozana entin'ny lalàna mifehy ny tetibola (*Loi des Finances*) isan-taona. Azo lazaina ho io tsy fandraisana andraikitra io no fototry ny tsy fahombiazana ato amin'ny Faritra Betsiboka.

Miteraka fahavoazana ho an'ny hafa ny tsy fahamatorana

Ankoatra ny tsy fandehanan'ny raharaham-panjakana mety hateraky ny tsy fahombiazana dia miteraka fahavoazana ho an'ireo mpiray ombona antoka amin'ny fanjakana ny tsy fahafehezana amin'ny antsipiriany ny fanatanterahana ny tetibola. Misy tokoa mantsy ireo fahadisoana izay tsy ahitam-panafana intsony ka voatery lavina tanteraka ny fandoavana ny faktiora mifandraika aminy. Mateti-pitranga ohatra ny fampiasana olona ao amin'ny sokajy *Emploi de Courte Durée* (ECD) nefa tsy tomombana araka izay voalazan' ny didy aman-dalàna ny taratasy momba azy na ny fombafomba nandraisana azy. Mazava ho azy fa na dia karama aza no resahina eto dia tsy afaka mandefitra amin'izany ny Tahirimbolam-panjakana. Mitovy amin'izay ihany koa ny fidirana avy hatrany amin'ny trano hofaina amin'ny alalan'ny *bail à loyer* hatao birao na itoerana kanefa tsy nahazoana fankatoavana mialoha avy amin'ny Ministera. Ohatra fahita ihany koa ny tsy fanajana ny fomba fisafidianana (*choix de la procédure*) ireo mpandraharaha omena ny tolotra amin'ny tsemampanjakana. Maro ireo manao hitsindalana na dia eo aza ny fepetra apetraky ny *Code des marchés publics* sy ireo didy aman-dalàna mifameno aminy na fampiharana azy. Idiram-patiantoka ireo mpandraharaha sendra ity tsy fanarahan-dalàna ity satria dia tsy ho azony ny tambin'ny asa vitany. Voarara



tanteraka mantsy amin'izao fotoana izao ny fanaovana ny *régularisation des procédures*.

Eo amin'ny fandoavana ireo faktioran'ireo mpandraharaha kosa indray dia manao ezaka lehibe ny Tahirimbolam-panjakana amin'ny fanafainganana izany. Misy rahateo ny fe-potoana voalazan'ny lalàna mahakasika izany izay 75 andro aorian'ny fandraisan'ny mpanalalana ny faktiora. Misy ny zanabola tokony haloa amin'ireo mpandraharaha ireo raha tsy voahaja io fe-potoana io. Vitsy amin'ireo mpanalalana nefa no manaja io fe-potoana io ka ny *engagement* hatrany no ezahiny hanaraka ny *régulation trimestrielle* fa ny fandefasana ny taratasy fangatahana fandoavam-bola (*dossiers de mandatement*) aty amin'ny Tahirimbolam-panjakana tsy mampiraika azy ireo. Vokany, maro ireo faktiora aty amin'ny volana may na jiona ohatra tsy angatahana fandoavana raha tsy aty amin'ny volana novambra na desambra. Toa ny Tahirimbolam-panjakana hatrany nefa no voatondro molotra raha vao misy ny fahatarana.

Famolavolana ireo fepetra : tokony hajaina hatrany ny fenitra

Tsy azo lavina fa misy dia misy ny lesoka amin'ny famolavolana ireo fepetra isankarazany avoaka amin'ny alalan'ny *circulaires*... izay voasokajy ao anatin'ilay hatao hoe *référentiel explicatif* na ireo fanomezana alalana (tohiny p.2)

SOMMAIRE

Ny Trésor sy ny tantarany P.02

TRANGA:
Raharaha CROUA sy INFP P.02

CHRONIQUE:
Trésor Public Malgache : des leçons à recevoir... ou à donner ? P.03
Le paradoxe du contrôle des finances publiques malgaches à la fois redondant et inexistant P.17

APOSTROPHE:
Une autre décision rendue au nom du peuple malgache... au détriment de ses fonds... dans l'intérêt de quelques privilégiés en perspective P.07

ACTUALITÉS:
Un nouveau bureau pour l'APIT P.07
TG Tsiroanomandidy : Nifindra trano P.07

PP Ankazobe :
Tokony hatao mazava ny fananan-tany P.09

Ambohidratrimo :
Hohatsaraina ny fizarana fisotroan-dronono P.09

Tahirimbolam-panjakana mivoatra :
Miezaka ny PP Mahamasina P.09

Fifamindram-pahefana tany La Réunion sy tany Allemagne P.13

VAHININTSIKA:
Marina Nicoles Philippe RASOATIANA, PP Nosy Varika :
«Mitaintain-dava isaky ny mandeha maka volam-bahoaka» P.08

Tsiaro an'i Chef Dama P.18 - P.20

Echos de la Célébration à Fianarantsoa P.16

INVITÉ DE L'ÉCONOMIE
Claude ANDREAS
P-DG de SOAVOANIO SA P.10 - 11

Echos de la Célébration à Antsirabe

pages 14 - 15

Faites connaissance avec la TG Maevatanàna

pages 4-6



IZAHO SY NY ASAKO P.11

Georgianne RAMANANTENASOA
Agent détaché, miandraikitra
ny Kaominina Ambonivohitr'i Toliara sy
ny Chambre de Commerce et d'Industrie

(tohiny)

manokana na *autorisations spéciales* izay mety tsy hanaja na hifanohitra tanteraka amin'ny didy amandalana manan-kery mifehy ny fitantanam-bola na ny fanatanterahana ny tetibolam-panjakana ka miteraka tsy fitovian-kevitra tanteraka eo amin'ny mpitantam-bolam-panjakana *Comptables Publics* sy ireo mpanalalana. Manampy trotaka ireo ny fanovana tomponandraikitra matetika (mpanalalana

na mpitantan-draharaha) eny an'elanelan'ny taom-piasana izay mitarika fikatoana maharitra.

Tsy fanomezan-tsiny na fitsikerana be fahatany izany fa fikatsahana hatrany ny fanatsarana hahitam-pahombiazana. Koa aoka samy handray ny andraikitra tandrify azy ny tsirairay fa tsy fotoan'ny fitadiavana fanelanelanana etsy sy eroa intsony izao.

Eto am-pamaranana dia mirary fahombiazana tanteraka ho an'ny rehetra.

▲ **Jean Baptiste ANDRIANANTENAINA**
Trésorier Général Maevatanàna

TSIAHY

Ny Trésor malagasy sy ny tantarany



*Nombam-bady aman-janaka
ireo mpiasa namboly hazo*

Tsy nisy ny fankalazana ny faha 30 taonan'ny Trésor tamin'ny taona 1993. Nisedra fahasahiranana ny firenena tamin'io fotoana io. Tsy maintsy nanarina ny fahavoazana teo amin'ny lafiny toekarena sy ny takaitra navelan'ny kirizy tamin'ny taona 1990 sy 1991 mantsy ny Tahirimbolam-panjakana.

Tamin'ny taona 1998 kosa dia niverina indray ny fanamarihana ny tsingerin-taona nandraisan'ny Malagasy an-tanana ny fitantanana ny Trésor. Ny faha 35 taona no nomarihana tamin'izany. Nisy ny hetsika ara-kolontsaina sy ara-panatanjahantena tamin'izany fotoan-dehibe izany, ka nandray



*Ny Praiminisitra Pascal RAKOTOMAVO
sy ny Praiminisitra lefitra Tantely ANDRIANARIVO
no nanokatra ny lanonana*

anjara avokoa ireo sampandraharaha rehetra teto amin'ny Trésor. Teto Antananarivo no nanatanterahana ny lanonana rehetra tamin'ny fankalazana ny tsingerin-taonan'ny Trésor fa tsy mbola nisy ny fitetezam-paritra.

Tao amin'ny *HILTON Madagascar* kosa no nanatanterahana ny fiaraha-misakafy sy ny alimpandihizana, ivon'ny fankalazana ny faha 35 taonan'ny Trésor.

Nampiafaka ny tsingerin-taona faha 35 taona koa ny fambolan-kazo. Ankoatra ny fandraisana anjaran'ny Trésor tamin'ny fiarovana ny tontolo



*Ireo tompon'andraikitra efa nitana ny toeran'ny Tale
sy Tale Jeneralin'ny Trésor*

lainana dia nohararaotina izany fotoana izany nanamafisana ny firaisankinan'ny mpiasa.

Kihon-dalana iray lehibe teo amin'ny tantaran'ny Trésor ny faha 35 taona. Tamin'ny taona 1997 sy 1998 tokoa mantsy no nanomboka niditra an-tsehatra tsikelikely tato amin'ny Trésor ireo tanora teknisiana nahavita fiofanana teto an-toerana.

Ny ankamaroan'izy ireo no mitantana ny Tahirimbolam-panjakana amin'izao fotoana izao.

▲ **Rivolala RANDRIANARIFIDY**
*Tahirin-tsary: Vonintsalama
ANDRIAMBOLOLONA*

TRANGA

Raharaha CROUA sy INFP : Mihatra avokoa ny sazy ho an'ily Agent Comptable

Vokatitra ombieny ombieny ny fanodinkodinam-bolam-bahoaka indrindra ny teny anivon'ny *Etablissements publics*. Efa nampitandrina ny Tahirimbolam-panjakana fa hampihatra ny lalàna amin'izay tratra, toy ny efa fanao hatramin'izay.

Tsy nahafay ny sasany anefa izany ka dia ny *Agent Comptable* iray indray izao no iharan'ny sazy rehefa voamarin'ny *Inspection Générale de l'Etat* sy ny *Direction de la Brigade d'Inspection et de Vérification* ny fanodinkodinam-bola nataony. Tsy ananan-kavana ny fampiharana ny lalàna ka izany indrindra no nanapahan'ny *Conseil de Discipline* ny volana febroary lasa teo fa voaroaka ity mpitantam-bola iray ity izay sady niasa tany amin'ny CROUA no niasa tany amin'ny INFP. Mihatra aminy avy hatrany ihany koa ny tsy fahazoana alalana amin'ny fisotroan-dronono.

Marihina fa io no sazy faratampony mety hihatra amin'ny mpiasam-panjakana.

Efa nampakarina tany amin'ny fitsarana ny raharaha. Eo am-piandrasana ny fitsarana azy ity olona ity ary nahazo fahafahana vonjimaika aloha. Mahavariana ihany anefa ny zava-misy eto amintsika satria olona efa voaporofy ho nanodinkondim-bolam-bahoaka izy io. Marihina favola mihoatra ny 800 tapitrisa ariary no nahodiny ka fanapahan-kevitra sy sazy tena mifanaraka amin'izany no andrandraina. Ankinina amin'ny fahendren'ny fitsarana ny raharaha. Ny fanarahamaso ataon'ny Tahirimbolam-panjakana eny amin'ireo *Etablissements Publics* dia mitohy sy mihamafy hatrany hisorohana ny tranga toy izao. Efa maro dia maro ny fanodinkodinam-bolam-bahoaka izay hita teny anivon'ny sampandraharahan-panjakana hafa ankoatra ny

Tahirimbolam-panjakana, anisan'ireny ohatra ny teny anivon'ny *Centres Fiscaux*, ny kaominina izay nahavoarohirohy ireo *Régisseurs* na ireo Ben'ny tanàna mihitsy, ao ihany koa ireo *Ordonnateurs* eny amin'ireo Ministera na *Etablissements Publics* sasantsasany. Mampametra-panontaniana ihany anefa ny fampiharana ny sazy mikasika azy ireny satria dia maro ireo mbola miasa aradalàna, tsy mieritreritra akory ny hamerina ny vola voahodina ary mitana andraikitra ambony mihitsy aza. Ohatra tsara halain-tahaka izao fanapahankevitra noraisin'ny *Conseil de discipline* izao satria volam-bahoaka avokoa no resaka ary tokony tsy hananana antra izay manao ny tsy mety. Atsipy ny teny any am-pon'ny mahalala!

▲ **Ony N. RABENANTOANDRO**

CHRONIQUE

Trésor Public Malgache : Des leçons à recevoir... ou à donner ?



4000 milliards MGA. C'est le montant du manque à gagner enregistré par le Trésor Public Malgache depuis quatre ans, chiffre confirmé par la Banque Mondiale. Ce chiffre représente les recettes qui auraient dû rentrer s'il n'y avait pas eu de crise. Face à cela, aucun des engagements de l'Etat n'a été comprimé. Au contraire, de nouveaux engagements telles les subventions diverses, les hausses de salaires et d'indemnités... ont été décidés. Mais le Trésor Public Malgache a tenu le coup sans avoir eu recours aux avances statutaires : l'on se souvient bien des taux d'intérêt exorbitants des années 2000 ! La planche à billets est également exclue : l'expérience des années 90 a amplement suffi avec des taux d'intérêt dépassant les 35%. De plus, les impacts auraient été pires dans la mesure où nos besoins de trésorerie se limitent à des dépenses de fonctionnement courantes. Le Trésor Public Malgache n'a pas non plus contracté de financements parallèles. Cette mesure a déjà suscité un scandale politico-financier dans les années 1990. L'explication est simple, même si la méthode de la réussite ne l'a pas été : une politique de prudence et de rigueur à toute épreuve a été appliquée. Malgré cela, les actions menées par le Trésor Public Malgasy et son comportement se trouvent à la source de bien des commentaires.

TOUT LE MONDE VEUT GERER LA TRÉSORERIE DE L'ÉTAT.

Evidemment, la population, propriétaire des titres, fonds et valeurs dont le Trésor Public a la charge de la garde et de la conservation est dans son droit lorsqu'elle réclame des explications quant à l'utilisation de ses avoirs. La soif de transparence est louable, et c'est tout à son honneur. Il est inutile de rappeler les efforts incessants du Trésor Public pour la transparence en ce qui concerne la gestion des fonds publics. Le cas des fonds WISCO et des recettes de la vente de l'avion présidentiel Air Force One 2 en sont des exemples concrets. En effet, le Trésor Public a affirmé que ces fonds ont été versés dans la caisse unique de l'Etat et ont servi à financer les dépenses prévues et autorisées par la loi des finances, conformément à la règle de non affectation des recettes (principe de l'universalité budgétaire, principe qui régit tous les Trésors Publics du monde). Cette précision est fondamentale pour épargner à nos politiciens une

perte de temps en débats stériles sur des faux problèmes. En effet, le temps s'avère être de l'or et comme l'écrivait Jean Jacques ROUSSEAU : «Oserai-je exposer ici la plus grande, la plus importante, la plus utile règle de toute l'éducation ? Ce n'est pas de gagner du temps, c'est de ne pas en perdre».

LES PROBLEMES

DE TERMINOLOGIE DENATURENT LES PROPOS DU TRESOR PUBLIC

Que n'a-t-on pas entendu ? «Le Trésor Public est en cessation de paiement», a-t-on osé affirmer. Les manques à gagner ont été assimilés à des détournements, le terme «déficit budgétaire» a été confondu avec «déficit de gestion»... Si le Trésor Public le déplore fortement, il est bien forcé de reconnaître que la culture sur les finances publiques de certains occupants de la sphère de la politique est... limitée. C'est non seulement pour jouer la transparence tant voulue par l'opinion et par la politique que nous avons créé le bulletin TAHIRY, actuellement à sa 30ème édition, mais également pour redresser les désinformations. Le Trésor s'ouvre également au public et à la presse à travers des conférences et des expositions pour relever le niveau des débats de manière plus constructive. Alors, plutôt que de dénaturer nos propos et nos actions de manière malintentionnée ou non, n'hésitez pas à contacter nos responsables de communication!

LA CELEBRATION DU CINQUANTENAIRE DU TRESOR PUBLIC MALGACHE EST SIGNE DE SOUVERAINETE NATIONALE ET D'INDEPENDANCE FINANCIERE

Nous avons réservé une grande célébration pour notre demi-siècle d'indépendance ! L'indépendance du Trésor Public n'est-elle pas importante ? Beaucoup ne l'ont pas compris, mais le concept est philosophique. La prise en main des services du Trésor par les Malgaches est la traduction pure de l'indépendance financière du pays. Indépendance sans laquelle, il n'y a pas d'indépendance proprement dite. En effet, l'indépendance est un bien très précieux pour tous les peuples du monde. Elle a été chantée par tous les poètes, des plus jeunes aux moins jeunes, à l'instar de Georges ANDRIAMANANTENA, alias Rado, une grande figure de la poésie malgache qui a écrit : « *Ny fahaleovan-tena... dia lova miverina ka sarobidy...* ». L'indépendance, dit-il, est un « héritage précieux qui nous a été (volé) restitué ». «Vive la France libre dans l'honneur et dans l'indépendance» avait déclaré Charles de Gaulle en 1940. Tout le monde est... sensible lorsqu'il s'agit d'indépendance, y compris nous, Trésor Public. Etre libre dans la façon de gérer ses propres finances corrobore l'indépendance politique. Le Trésor Public Malgache géré par les Malgaches est une expression concrète de la souveraineté nationale.

Quant au caractère délocalisé de la célébration, il traduit la volonté de faire participer les 1650 agents répartis dans tous les districts de Madagascar, c'est-à-dire, tout le réseau comptable (le Trésor Public figure parmi les services publics les plus représentés à Madagascar). L'objectif est de sensibiliser le public sur les réalités et de faire connaître le Trésor Public : Ses attributions, sa mission, sa stratégie et sa manière de gérer les fonds, titres et valeurs publics ainsi que les problèmes qu'il rencontre dans cette gestion... Les conférences données lors de ces tournées provinciales touchent la vie économique du pays où le Trésor Public est un acteur à part entière. C'est une occasion pour lui d'orienter les débats sur les réalités économiques et de partager les résultats de ses propres analyses des situations dans le but d'être toujours constructif. Par ailleurs, toutes ces manifestations culturelles et sportives ont suscité l'intérêt et la participation des populations locales et elles ont été, depuis le début, soutenues, sur les plans logistique et financier par de nombreux partenaires du secteur productif qui partagent les convictions et les valeurs véhiculées par le Trésor Public et dont la liste a été publiée maintes fois dans les quotidiens nationaux.

L'ON A OSE INTIMIDER LE TRESOR PUBLIC!

Par exemple, c'est bien courageux d'avoir écrit cette lettre incitant le Trésor Public à renoncer à ses actions d'assainissement - dénonciation des gaspillages et des malversations - au nom d'un soi-disant *fampihavanana* ou d'un apaisement, préconisé par la Feuille de route. Mais quelle lâcheté de s'être exprimé à travers une lettre... anonyme, l'intimidation étant une confession de l'impuissance intellectuelle d'après Ayn RAND ! Par ailleurs, le Trésor Public est déjà assez avancé dans ses actions pour faire marche arrière. Au contraire, il est déterminé à poursuivre l'assainissement de la gestion des fonds, valeurs et titres publics. Pour le Trésor Public, les intimidations sont une monnaie qui n'a pas cours légal.

LA GESTION DE CRISE DU TRESOR PUBLIC MALGACHE EST QUALIFIEE DE CAS D'ECOLE PAR LES EXPERTS INTERNATIONAUX.

Tout le monde était sceptique au début de la crise quant à la capacité du Trésor Public Malgache à assurer le financement des dépenses et l'équilibre de la trésorerie. Pourtant, quatre ans se sont écoulés et il a su maîtriser les choix et l'utilisation des instruments de financement, ainsi que leurs effets sur les prix. Et tout cela, nous ne le rappellerons jamais assez, sans avances statutaires, sans financements parallèles et sans planche à billets. Un grand exploit, notamment pour les experts internationaux qui l'ont qualifié de «cas d'école». Ce qui explique cette sollicitation du Trésor Public Malgache à sillonner le monde pour partager ses expériences.

UN MOT SUR LA DIMENSION SOCIALE DES ACTIVITES DU TRESOR PUBLIC

Si minimales soient-elles, les actions sociales du Trésor Public ne sont pas ponctuelles. Elles ont acquis l'adhésion de tout le personnel - services centraux et réseau comptable. Le Trésor a été sensible aux catastrophes qui touchent le pays, et son personnel a été enthousiaste dans toutes les levées de fonds organisées au niveau du Ministère et même à son propre niveau, en tant que citoyen. En tout cas, catastrophe ou pas, les malades, les enfants défavorisés, les personnes âgées et les orphelins bénéficient déjà régulièrement de notre assistance. Seulement, point n'est besoin de crier sur les toits nos actions ou de faire des tam-tam.

ET QUI PEUT DONC DONNER DES LEÇONS AU TRESOR PUBLIC MALGACHE ?

Sûrement pas ces politiciens véreux qui n'ont même pas levé le petit doigt pour dénoncer la gestion malsaine des fonds, valeurs et titres publics au cours de ces longues années d'indépendance, et qui osent encore réclamer au Trésor Public de faire plus de transparence qu'il n'en fait déjà depuis quatre ans. Ni ceux qui essaient, par ignorance ou par spéculation politique de dénaturer toutes les communications qui sont, dorénavant, faites par le Trésor Public lui-même, justement, dans le cadre de cette politique de transparence. Cela ne doit pas non plus être ces gens qui font exprès de fermer les yeux et d'ignorer les efforts fournis par le Trésor Public Malgache (il n'y a pas plus aveugle que celui qui ne veut pas voir). Ces gens-là feront mieux de comparer la gestion des finances publiques à Madagascar depuis quelques temps avec les situations qui prévalent dans les pays européens, pays qui, depuis toujours, ont incarné la puissance et le rôle du donneur de leçon mais qui, aujourd'hui, ont du mal à se défaire du fardeau de leurs dettes respectives et à maîtriser leurs déficits budgétaires respectifs en cherchant à tout prix à créer des impôts nouveaux ou à augmenter les taux d'imposition ou encore à réduire leurs charges.

NUL N'EST PROPHETE EN SON PAYS.

Toutes les actions du Trésor Public Malgache sont saluées sur le plan international. Elles ne sont toujours pas bien accueillies par nos politiciens à qui tous les messages pour une bonne gouvernance des ressources publiques sont pourtant adressés. Heureusement que nous avons l'opinion publique avec nous : c'est déjà un encouragement considérable dans la poursuite de nos actions et pour relever le défi d'aller jusqu'au bout de nos actions. En attendant, serait-il trop demandé d'arrêter au moins les faux débats et les faux problèmes pour qu'on puisse économiser du temps ? De tout ce qui précède, le Trésor Public se demande s'il a des leçons à recevoir... ou plutôt à donner ?

▲ Jean Noël RANAIVOSON

GÉNÉRALITÉS

Faites connaissance avec la Trésorerie Générale Maevatanàna

Pages réalisées par

▲ Toute l'équipe de la TG Maevatanàna

La Trésorerie Générale Maevatanàna a été installée en février 2008 dans la Commune Urbaine de Maevatanàna, Chef lieu de la Région Betsiboka, pour concrétiser la politique de proximité prônée par le Ministère des Finances et du Budget.

Localisation géographique de la Région Betsiboka

La Région Betsiboka fait partie de l'ex-Province de Mahajanga dans la partie Nord-Ouest de Madagascar. Elle s'étend sur une superficie de 33 274 km² et est composée de 35 communes réparties dans trois Districts. Elle est délimitée par six Régions : Analamanga et Bongolava au Sud, Melaky à l'Ouest, Boeny et Sofia au Nord-Ouest et Alaotra Mangoro à l'Est.

Aperçu historique de la TG Maevatanàna

- Le bâtiment utilisé comme bureau logement par la TG Maevatanàna date de 1912. Il a été construit sur un terrain domanial et utilisé successivement par des Administrations coloniales et Malgaches jusqu'en 1966 ;
- De 1966 à 2007, le bâtiment a été affecté à la Perception Principale (PP) Maevatanàna, rattachée à la TG Mahajanga à cette époque, au même titre que les autres PP installées dans la Région Betsiboka (PP Tsaratanàna et Kandrehoh);
- Après la réhabilitation du bâtiment, la PP Maevatanàna a été érigée en TG le 05/06/08. De ce fait, les deux autres PP dans la Région Betsiboka (PP Tsaratanàna et Kandrehoh) ont changé de rattachement : désormais, elles sont rattachées à la TG Maevatanàna.

PP Tsaratanàna



PP Kandrehoh



TG Maevatanàna



Année 2012

Bureau logement TG Maevatanàna après la réhabilitation en 2008



1912-2012: Le bâtiment de la Trésorerie Générale Maevatanàna a cent ans

Malgré la réhabilitation et les quelques extensions faites en 2008, les bureaux sont exigus. De plus, le plan du bâtiment n'est pas du tout adapté à l'organisation que devrait mettre en place un poste comptable supérieur. Par conséquent, du point de vue logistique, des améliorations sont encore à apporter. Il faut cependant préciser que bien des aménagements ont été entrepris durant les cinq années d'existence de la TG Maevatanàna pour le confort des usagers et du personnel et ce à la limite des crédits alloués au poste. L'équipe de la TG Maevatanàna est prête à donner le meilleur d'elle-même pour relever les défis annoncés par la Direction Générale du Trésor quant à la qualité des services rendus aux usagers.


GÉNÉRALITÉS

Organisation administrative et fonctionnelle du poste

Poste comptable supérieur de quatrième catégorie, la TG Maevatanàna compte actuellement 16 agents, 2 PP rattachées et 5 Régies d'Administration Financière (RAF) dont trois centres fiscaux, un Service des Domaines et une Circonscription Topographique.

Le TG est assisté par deux fondés de pouvoirs : l'un chargé de la comptabilité et l'autre des correspondants. Afin de mieux organiser le travail, tous les autres cadres sont responsabilisés à la tête de quatre divisions ayant respectivement pour attributions (i) la gestion du parc informatique et logistique, (ii) la gestion des opérations de trésorerie et l'apurement des comptes d'attente, (iii) les opérations de transferts et de centralisation des opérations des postes comptables rattachés, (iv) les opérations budgétaires.

En effet, une organisation adéquate est un des éléments de performance d'un poste comptable. Par ailleurs, le soutien mutuel et l'entraide sont de rigueur à la TG Maevatanàna. L'ensemble du personnel se veut être une équipe capable et performante.



Le saviez-vous ?

Des efforts dans la gestion des correspondants

Beaucoup d'efforts ont été déployés depuis 2008, année d'installation de la TG Maevatanàna, pour restaurer la bonne gouvernance et le respect de l'orthodoxie financière au niveau de la Commune Urbaine (CU) de Maevatanàna. A plusieurs reprises, les mesures adoptées ont créé des tensions avec les responsables élus de l'époque mais actuellement, le résultat est palpable. Les recettes recouvrées sont en nette progression et la Commune


enregistre de plus en plus d'excédent à chaque fin de gestion.

La CU de Maevatanàna est par ailleurs caractérisée par l'existence des gîtes d'exploitation aurifère dans sa circonscription. Elle compte actuellement un peu plus de 400 orpailleurs. Avec des mesures appropriées, les ristournes sur les ventes des produits d'orpaillage pourraient devenir l'une de ses principales ressources financières.


La Région Betsiboka, comme toutes les autres régions, fonctionne sur compte de dépôt. Ses ressources sont composées essentiellement des recettes liées aux exploitations minières dans sa circonscription et des subventions reçues de l'Etat central. La mise en place d'une régie de recette a engendré une révision à la hausse des recettes issues des ristournes sur les produits locaux.



EVOLUTION RECETTES DE LA CU DE MAEVATANANA



Composition et évolution des recettes de la Région de Betsiboka de 2008 à 2012




Grâce à l'Extractive Industries Transparency Initiative (EITI), les recettes issues des exploitations minières ont sensiblement augmenté depuis 2010.

GÉNÉRALITÉS

La TG Maevatanàna a une équipe jeune

La TG est dotée d'une équipe relativement jeune : 50% ont moins de 40 ans. L'organisation interne du poste a été conçue en fonction des objectifs généraux assignés aux postes comptables supérieurs du Trésor mais aussi et surtout en fonction de ses objectifs spécifiques entre autres : (i) la lutte contre la corruption, (ii) le maintien du contrôle des PP rattachées à 100%, (iii) l'amélioration de la qualité des services rendus aux usagers. Par ailleurs, elle vise la création d'une synergie interne.



Un coach par PP rattachée permet d'éviter les problèmes lors de la centralisation des opérations

Pour animer les PP rattachées, un système de coaching a été mis en place. Chaque PP a son coach issu de la TG de rattachement. Chaque coach est

en contact permanent avec son équipe. Il la dynamise, identifie ses besoins en moyens et transmet les informations et dispositions réglementaires indispensables

aux agents pour qu'ils puissent assumer convenablement leurs attributions.

Aucune rupture de paiement au niveau des PP rattachées depuis 2008

Les deux PP rattachées à la TG Maevatanàna se trouvent dans les Districts parmi les plus difficiles d'accès de Madagascar : Kandrehô et Tsaratanàna. Les routes sont saisonnières. Durant les périodes de pluies (de décembre à mai), elles sont complètement impraticables. L'insécurité et les actes de banditisme règnent dans ces localités. Pourtant, grâce aux efforts conjugués des PP et des forces de l'ordre, aucune rupture de paiement ne s'est produite dans ces deux PP depuis 2008. Les approvisionnements de fonds sont toujours effectués à temps.

Perception Principale Kandrehô

- A 140 km de Maevatanàna
- Chef de Poste : Fillon RANDRIAMANDROSOARIVO, Percepteur Principal des Finances;
- Nombre d'agents : 3 ;
- Ancien bâtiment construit en 1961, appartenant à la Commune Rurale de Kandrehô, nouveau bâtiment en attente de son inauguration.



Perception Principale Tsaratanàna

- A 174 km de Maevatanàna et à 89 km de la RN4
- Chef de Poste actuel : Rado Niaina RAOELIJAONA, Percepteur Principal des Finances ;
- Nombre d'agents : 3 ;
- Bâtiment servant de bureau, propriété du District de Tsaratanàna



L'équipe de la TG Maevatanàna participe aux activités rentrant dans le cadre de la célébration du cinquantième anniversaire du Trésor Public Malgache



lors de l'ouverture officielle à Antananarivo en mai 2012



Des PPN ont été distribués

L'Association du personnel de la TG Maevatanàna a distribué 400Kg de riz blanc, 30 kg de sucre et 3 cartons de savons pour les familles nécessiteuses dans la Commune Urbaine de Maevatanàna le 22 juin 2012. En outre, l'équipe se mobilise pour prendre part à toutes les autres activités organisées par les services centraux.

ACTUALITÉS

Un nouveau bureau pour l'APIT

La sortie des Inspecteurs du Trésor à Ampefy, les 8 et 9 février 2013 a été l'occasion pour ce corps technique appelé à tenir les rênes du Trésor Public d'élire le nouveau bureau de leur Association Professionnelle. En effet, le mandat de Lova RAMASIMAHAVOLA et de son équipe vient de se terminer. Au tour de Herivelo ANDRIAMANGA, Payeur Général d'Antananarivo d'être à la présidence. Il travaillera avec Landy ANDRIAMIALIZAFY, secrétaire général. Hasina RAKOTOSALAMA tiendra la bourse et la comptabilité de l'association. Mihamina RATOVARINONY et Tiana RAMPARANY feront également partie de l'équipe en tant que secrétaires. La passation des services sera fixée à une date ultérieure.

TG Tsiroanomandidy : Nifindra trano

Notsidihan'ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana ny zoma 08 febroary 2013 ny trano vaovaon'ny Trésorerie Générale Tsiroanomandidy. Ny fahanterana sy ny faharatsian'ny trano teo aloha izay efa tsy manaraka ny fenitra amin'ny maha trano fitahirizana ny volam-bahoaka azy intsony no anton'ny fifindrana. Lehibe, malalaka no sady mifefy ary akaiky ireo biraom-panjakana hafa ity trano vaovao ity.



Tsy manara-penitra, afovoan-tsena ary tsy mifefy ny trano taloha



Ity ny trano vaovaon'ny TG Tsiroanomandidy

▲ Yves RAKOTO
Oniniaina Saintia RAKOTONINDRAINY

APOSTROPHE

Une décision rendue au nom du peuple malgache... au détriment de ses fonds... dans l'intérêt de quelques privilégiés en perspective

Notre bulletin TAHIRY a toujours dénoncé dans ses éditions des cas de dysfonctionnement qui ont occasionné des pertes d'argent aux contribuables, cas constatés à des différentes instances.

Récemment, le Trésor Public a relevé celui se rapportant à des décisions prononcées en audience publique par le Conseil d'Etat. Celui-ci a délibéré sur l'annulation des arrêtés du Ministère chargé de la Fonction Publique infligeant des sanctions disciplinaires à des fonctionnaires relevant du corps du Trésor. Ces fonctionnaires, candidats admis à des concours dans des établissements publics nationaux de formation professionnelle, ont commis des abandons de poste au niveau de l'Administration du Trésor. Ils ont omis délibérément de demander l'aval de leurs supérieurs hiérarchiques pour pouvoir participer auxdits concours. Ils avaient déposé des requêtes auprès du Conseil d'Etat aux fins d'annulation des arrêtés leur infligeant une suspension de solde à titre de sanction disciplinaire en invoquant la violation de leur droit à la formation professionnelle, s'appuyant aux termes des dispositions de l'article 24 du Statut Général des Fonctionnaires. C'est le moyen utilisé par le Conseil d'Etat pour se prononcer, en audience publique, sur l'annulation des arrêtés ministériels sus-mentionnés. Une décision qui n'était pas imprévisible car durant l'audience, les débats ont été axés sur la violation du droit à la formation sans accorder une attention particulière au motif évoqué dans les arrêtés qu'est l'abandon de poste.

Il convient de rappeler que le Trésor Public ne renie pas le droit à la formation. Pour preuve, dans le cadre de ses missions et attributions, il a toujours voulu mettre en place des systèmes d'intéressements en faveur de ses agents en leur rétribuant des postes budgétaires et des moyens financiers pour une remise à niveau lorsqu'ils sont recrutés par voie de concours. En fait, les fonctionnaires en question ont pu suivre des formations spécialisées pendant un an pour les Percepteurs Principaux des Finances (PPF), six mois pour les Contrôleurs du Trésor (CT) et le Trésor Public a pris en charge leurs frais de scolarité et leur a octroyé des présalaires. Or, il est injustement remercié. De plus, le départ de ces agents a provoqué au niveau du Trésor Public une immobilisation des postes budgétaires qui leur ont été attribués. Une fois de plus, le Trésor Public se

trouve devant une décision juridictionnelle rendue au nom du peuple malgache, au détriment de ses fonds, dans l'intérêt de quelques privilégiés.

Certes, il est de droit comme de fait que l'Administration ne peut pas renier le droit à la formation professionnelle de ses agents. Toutefois, l'on se demande si l'exercice de ce droit n'est pas balisé à la fois par le principe de continuité du service public, ayant valeur constitutionnelle et par l'obligation au respect de la déontologie des fonctionnaires. D'une manière générale, il y a lieu de rappeler que d'après le Code de déontologie (Décret n° 2003-1158 du 17 décembre 2003), tout fonctionnaire est, d'une part, tenu d'être loyal à l'autorité dont il relève et tenu d'exercer ses fonctions avec honnêteté et objectivité dans l'intérêt public et d'autre part, il est tenu d'un devoir d'assiduité dans l'accomplissement de ses missions d'autant plus que sa présence et sa disponibilité sur le lieu de travail doivent être effectives. En laissant leurs postes vacants sans que l'Administration du Trésor ait autorisé leur absence, ces agents ont provoqué une désorganisation et même un arrêt des services publics. De ce fait, ils se sont placés dans une situation irrégulière passible de sanctions disciplinaires.

Par ailleurs, ces fonctionnaires ont signé, en bonne et due forme, des engagements décennaux pour servir le Trésor Public avant leur inscription au concours. Le Trésor Public déplore que l'existence de ces engagements n'ait pas été prise en compte par le Conseil d'Etat qui, au cours des plaidoiries, nie pratiquement le principe de ceux-ci, c'est-à-dire des engagements constituant des actes générateurs d'obligations chez tous les fonctionnaires dans leurs relations vis-à-vis de l'Administration.

Les décisions prononcées par le Conseil d'Etat, en l'espèce, sont lourdes de conséquences. Non seulement, elles peuvent tenir lieu de jurisprudence mais pourraient encore constituer des sources de faits conduisant à une incitation à la désobéissance dans l'Administration et au non-respect des engagements personnels pris à titre volontaire.

Le Trésor Public est le premier à s'être engagé à limiter les pertes d'argent. Par conséquent, il ne peut admettre que des agents, ayant déclaré sur l'honneur de lui offrir leur service, se défilent aussi facilement. Le Trésor ne veut pas servir de solution de... substitution !

▲ Mbolatiana RAMAMONJISOA

VAHININTSIKA

Marinia Nicoles Philippe RASOATIANA, PP Nosy-Varika

Mitaintain-dava isaky ny mandeha maka volam-bahoaka

Malaza ho toerana mitokana sy saro-dalana i Nosy-Varika. Araka izany dia tsy mety mandeha ireo mpiasam-panjakana sendra voatendry hiasa any. Ny sasany aza moa dia mahavita mametra-pialana mihitsy. Tsy miombon-kevitra amin'izany kosa Ramatoa Marinia Nicoles Philippe RASOATIANA, izay Vahinintsika satria efa ho 13 taona no niasany tany. Ny 01 oktobra 2011 izy no voatendry ho *Percepteur Principal* mpisolo toerana tao. Tanàna mahafinaritra toy ny tanàna rehetra i Nosy-Varika, hoy izy. Na izany aza dia horesahin-dRamatoa PP etoana ireo olana sedrainy, ny vahaolana noraisiny ary ny hetahetany mba hanatsarana ny fitantanana ny volam-bahoaka...

Gazety TAHIRY : Azonao lazaina fohifohy ve ny toerana misy ny PP Nosy-Varika?

MNPR : Miankina amin'ny TP Mananjary ary anisan'ny voasokajy anatin'ny toerana saro-dalana izy. Tena ratsy dia ratsy ary tsy azo andehanana mihitsy ny lalam-pirenena mampitohy an'i Nosy-Varika sy Mananjary. Vokany, ny lakan-dranon'ny Pangalana ihany no lalan-tokana azo ifandraisana sy ivezevezena. Raha mandeha amin'ny lakana misy motera dia maharitra eo amin'ny ora valo na folo eo ho eo vao tonga any Mananjary. Toy izany koa no analana an'i Mananjary sy Nosy-Varika rehefa miverina. Noho izany dia sady mampitaintaina no mananosarotra ny manao *approvisionnement* indrindra rehefa ratsy ny andro na amin'ny fotoanan'ny rivo-doza.

GT : Amin'ny maha chef de poste, tsy vato misakana ve ny maha vehivavy anao?

MNPR : Raha ho ahy manokana aloha dia tsy vato misakana loatra izany, satria asa toy ny asa rehetra ihany no andraiketako nandritra izay roa taona mahery izay. Ny andraikitra fotsiny no mitombo satria sady mifehy olona no manabe ihany koa ny tena. Ny indro kely sady mbola mampianahy kely foana dia ny fivezevezena amin'io ranoben'ny Pangalana io isaky ny manao *approvisionnement*.

GT : Ny hevitrao amin'ny zava-tra iainana ankehitriny eto anivon'ny Tahirimbolam-panjakana.

MNPR : Mahafa-po ahy tokoa ny zava-misy ankehitriny satria hita fa tena mampandroso



Izy no Marinia RASOATIANA, vehivavy mandeha lakana rehefa mitondra ny volam-bahoaka

ny asa mihitsy. Amin'ny ankapobeny dia samy mazoto manao ny andraikiny ny mpiasa tsirairay. Ohatra amin'izany ny nanomezana *crédit* manokana ho an'ireo *Perceptions* manerana ny Nosy fa tsy miankina amin'ny *Trésorerie Générale* na *Trésorerie Principale* toy ny teo aloha intsony. Anisan'izany koa ny fisian'ny gazety TAHIRY, izay ahafahan'ny mpiara-miasa maneho hevitra sy mahafantatra bebe kokoa ny zava-misy eo anivon'ny Tahirimbolam-panjakana sy ny sehatra hafa. Na ny vaovao aty amin'ny toerana mitokana tahaka anay aty aza dia voarakitra ao avokoa. Manantena ny hitohizan'io fomba fitantanana io hatrany izahay.

GT : Misy soso-kevitra tianao haroso ve hanatsarana ny asa?

MNPR : Mba hanatsarana sy hanafainganana ny asa dia maniry ny hahazo sambo

haingam-pandeha izahay. Raha izany no tanteraka dia azonay alamina tsara ny fandaharam-potoana isaky ny maka volam-bahoaka. Mba ho azo sorohana tsara koa ny mety ho fanafihana ataon'ny olon-dratsy satria tsy hisy hahafantatra ny ora sy fotoana handehananay. Ny fitaintainana koa moa hihena ho azy. Eo amin'ny fampitaovana indray dia tokony mba hampiana solosaina iray ny fitaovana ampiasainay ankehitriny.

GT : Hafatra ho an'ireo chefs de poste, indrindra ireo vehivavy toa anao?

MNPR : Tena tsy mora ny asan'ny *chef de poste* kanefa rehefa ikirizana sy atao am-pitiavana dia vita ihany. Isaorako etoana ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana izay tsy nanadino, eny fa na dia izahay aty amin'ny toerana somary mitokana aza. Isaorana toy izany koa ny mpiara-miasa rehetra ao amin'ny gazety TAHIRY manangona sy mitatitra ary manaparitaka ny vaovao. Toy izany koa ireo *Percepteurs* nifandimby teo alohako izay nanabe sy nanolokolo ary nampianatra ka nahatonga ahy nananan'ny lehibe fitokisana. Tsy hadinoko koa ireo mpiara-miasa amiko izay nanao ny ainy tsy ho zavatra ho fampandehana ny asa ho voninahitry ny Tahirimbolam-panjakana.

Eto am-pamaranana dia tiako ny manentana antsika vehivavy namako manao hoe : «Ny vitan'ny hafa ve tsy ho vitantsika e? Koa raiso ny andraikitra omena anao ».

▲ Yves RAKOTO

SOSIALY

Ny nodimandry



Bao Josiane
RABUTIN
Comptable du Trésor
RGA

Ny 06 martsa lasa teo no nodimandry teo amin'ny faha48 taonany Ramatoa Bao Josiane

RABUTIN, *Comptable du Trésor. Caissière* teo amin'ny *guichet recettes* tao amin'ny *Recette Générale* d'Antananarivo. Anisan'ireo mpiasa mazoto miasa ary maresaka Itompokovavy saingy volana vitsy mialoha ny nahafatesany dia tsy afaka niasa matetika noho ny aretina nahazo azy. Tonga nidodododo nampahery ny fianakaviany teny amin'ny trano fonenany, teny Mandroseza, ny mpiara-miasa eto anivon'ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana,

notarihan'Andriamatoa Tale Jeneraly, ny 08 martsa.

Niala tao Mahavatse, Toliara ary nalevina teny Andranomena, Toliara ny vatana mangatsiakany ny 13 martsa. Tonga tany an-toerana ny solontenan'ny mpiara-miasa aminy avy ao amin'ny RGA notronin'ny avy ao amin'ny TG Toliara. Namela kamboty iray sy taiza mianadahy Itompokovavy Bao Josiane RABUTIN.

Mankasitraka ny asany ny Tahirimbolam-panjakana Malagasy, ary mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany

ACTUALITÉS

PP Ankazobe : Tokony hatao mazava ny fananan-tany



Mbola tanin'ny Kaominina no misy ny tranon'ny PP mandraka ankehitriny

Azo lazaina ho milamina ihany ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana any Ankazobe, sady mahazo sitraka amin'ireo

manan-draharaha. Vitsy rahateo ny olona mandray vola ao satria 300 monja ny mpandray fisotroan-dronono. Na izany aza, ho fanamafisana ny fiarovana ny volam-bahoaka dia ilaina ny fanamboarana ny tontolo manodidina ny *Perception Principale* Ankazobe : trano, fefy, trano fivoahana. Sarotra nefa ny fanatanterahana izany satria mbola an'ny kaominina ny tany. Tsy afaka manajary ny toerana tokoa mantsy ny Tahirimbolam-panjakana raha tsy efa voafindra tanteraka aminy io. Na izany aza anefa, hamboarina ihany ny fefy ary hasiana lava-piringa ity *Perception Principale* ity.

Ambohidratrimo : Hohatsaraina ny fizarana fisotroan-dronono



Maro loatra ny mpandray fisotroan-dronono ao Ambohidratrimo ka mangataka ny hametrahana PP any Ivato sy any Mahitsy

Tsy fanajana ireo manan-draharaha, fahateran'ny toerana... Izany rehetra izany no itarainan'ireo mpampiasa ny sampan'ny Tahirimbolam-panjakana ao Ambohidratrimo. Tao aorian'ny fitarainana voarain'ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana momba ny kalitaon'ny asa eny amin'ny *Perception*

Principale (PP) Ambohidratrimo dia nidina nijery ifotony ny zava-miseho ireo tomponandraikitra : ny Tale Jeneraly, ny Talen'ny kaontim-panjakana, ny ao amin'ny fitantanana-draharaha sy vola, ny PGA izay iankinan'ity PP ity ary ny Talen'ny fanaraha-maso.

Avy hatrany dia nandray fepetra ireo tomponandraikitra rehefa nahita ny zava-niseho. Naato tamin'ny asany aloha ny mpiasa iray izay mamo am-perinasa. Tsy fanajana ny asa izany ary mendrika sazy. Hasiana fanamboarana ny toeram-piasana mba hanatsarana ny asa atolotra ho an'ireo manan-draharaha. 2900 ireo mpandray fisotroan-dronono manatona ny PP Ambohidratrimo ary maro amin'izy ireo no avy eny Ivato na avy eny Mahitsy. Efa eritreretina ihany koa ny hanokafana PP vaovao any amin'ireo faritra be olona manodidina.

Tahirimbolam-panjakana mivoatra : Miezaka amin'izany ny PP Mahamasina



Toy izao ny ao amin'ny PP Mahamasina rehefa milatro

Ankehitriny, efa hatrany amin'ny *Perceptions Principales* ny fiezahana hanatsara hatrany ny kalitaon'ny fandraisana ireo manan-draharaha eto anivon'ny

Tahirimbolam-panjakana. Ohatra amin'izany ny PP Mahamasina. Efa manana fanamiana mitovy ny mpiara-miasa rehefa fotoana fandoavana karama sy fisotroan-dronono. Marihina fa efa ela ny TG sasany (Ambositra, Mahajanga, Toliara...) no nanana izany fomba fiasa izany. Mora kokoa ho an'ireo vahoaka ny manavaka ireo mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana amin'izany raha toa ka mila fanampiana manokana izy. Zava-dehibe tokoa ny fanatsarana toy itony. Tsy ny endrika sy dindon'ny Tahirimbolam-panjakana ihany no mihatsara fa ny asa ihany koa satria tsy azo hadinoina fa sampan-draharaha ho an'ny daholobe ny Tahirimbolam-panjakana.

Financement de la BAD : Réception technique des travaux à Brickaville



Adieu les cours sous les tentes...

Suite de la signature de l'Accord de don de un million USD du 23 août 2012. Le 15 février 2013 a eu lieu à Ampasimbe Vohitrano, situé dans le District de Brickaville, la première réception des travaux de réhabilitation des infrastructures sociales après le passage des cyclones Giovanna et Irina en février 2012. Il s'agit de deux salles de classe avec éco-latrines et points d'eau.

Le bilan du passage des deux cyclones a été lourd. Plus de 1 300 salles de classe détruites, engendrant une scolarisation bâclée pour 77 000 élèves ; plus de 50 hôpitaux et centres de santé de base endommagés entraînant la dégradation de la santé de 45 000 ménages... Un an après, le paysage reste désolant dans plusieurs districts et communes.

...Réhabilitation de 34 salles de classe avec éco-latrines - 03 Centres de Santé de Bases - 21 points d'eau et dispositifs de lavage de main. Les élèves profiteront de ces salles de classe et plus de 30 000 personnes bénéficieront de ces CSB. Les réhabilitations s'achèveront d'ici peu..., dit Tiana Vatosoa RAZAFINDRIAKA, ingénieur de construction de l'UNICEF Madagascar.

Désormais, 100 élèves de l'EPP Ampasimbe pourront étudier dans des salles de classe correctes. Elles ont été construites en respectant les normes et les fenêtres ont été orientées de manière à faire entrer le maximum de lumière naturelle faute d'électricité.

Les travaux de réhabilitation se poursuivent. Les prochaines réceptions techniques sont prévues vers le début du mois d'avril au plus tard, en présence des maîtres d'œuvre et des autorités locales.

▲ Oniniaina Saintia F. RAKOTONINDRINA
ANDRIANJAZA

Rivolala RANDRIANARIFIDY

INVITÉ DE L'ÉCONOMIE

Claude ANDREAS, P-DG de SOAVOANIO SA

SOAVOANIO SA a tous les atouts pour prospérer

Ayant été un fleuron de Sambava et même de Madagascar, SOAVOANIO SA est une des sociétés à participation de l'Etat victime de la confusion entre Etat Puissance publique et Etat actionnaire. Cette confusion l'a conduite à... la faillite. Ayant satisfait les conditions requis par le Trésor Public pour pouvoir bénéficier de son soutien (voir Tahiry 26, P 13), un plan de redressement a été opéré depuis le début de l'année 2011 par le dirigeant actuel, Claude ANDREAS. Grâce à sa ferme volonté, à ses expériences probantes (Claude ANDREAS a été le premier dirigeant de la société, de 1972 à 2005) et à la confiance que lui ont accordée les employés et l'Etat, SOAVOANIO SA a été remise sur pieds en un bref délai. Interview

Bulletin Tahiry : Pouvez-vous nous donner idée de la situation de la Société SOAVOANIO SA ?

Claude ANDREAS : Il est préférable de revoir les chiffres clés des années précédentes. Sur le plan financier, les résultats des exercices 2007 à 2010 se sont détériorés très rapidement allant d'un bénéfice de 258 millions MGA en 2007 à une perte de 10,72 millions en 2008, 652,29 millions en 2009 pour en arriver à une faramineuse perte de 771 millions MGA en 2010. La trésorerie a diminué de 18 millions MGA, passant de 25 millions à 7 millions MGA. Les arriérés s'élevaient à 1,4 milliard MGA en novembre 2010 : salaires, cotisations salariales et patronales, impôts, fournisseurs... SOAVOANIO SA était en cessation de paiement. Une mauvaise gestion de la cocoteraie était à la source de ce gouffre financier.

Sur le plan technique, un remplacement progressif des arbres est à programmer afin de pallier une chute brutale de la production de noix de coco. En effet, un cocotier n'est fructueux qu'à partir de sa 4ème année et ce, jusqu'à sa 25ème année. A partir de cet âge, la production diminue progressivement. Il est donc nécessaire d'équilibrer l'abattage des vieux cocotiers et la replantation de nouveaux pieds. Une cocoteraie nécessite un entretien régulier avec les engrais et les produits phytosanitaires. Cela représente un budget conséquent. Malheureusement, ce processus n'a pas été respecté. La production de noix de coco avait rapidement diminué passant de 17,5 millions en 2007 à 4,6 millions de noix en 2010. Evidemment, cela avait une répercussion directe sur les 900 employés de la cocoteraie qui sont payés en fonction de leur rendement. Par ailleurs, puisque la société ne fonctionnait pas normalement, les employés n'avaient rien à faire non plus. En novembre 2010, le Conseil d'Administration et l'Assemblée Générale des Actionnaires ont décidé d'apporter un changement au sein de la Direction Générale.



Claude ANDREAS, Président Directeur Général de la SOAVOANIO SA

«Une mauvaise gestion a été à la source du gouffre financier de la SOAVOANIO SA»

BT : Comment en êtes-vous arrivé à la situation actuelle ?

AC : En décembre 2010, j'ai été reconduit à la direction de SOAVOANIO SA. La réhabilitation de la cocoteraie et la relance des activités de récolte ainsi que la diversification des produits étaient alors notre priorité : huilerie, apiculture, artisanat, production de tourteaux, de semence... SOAVOANIO SA assurait sa survie tant bien que mal. Un plan de redressement a donc été soumis à l'Etat actionnaire représenté par le Trésor Public. Le total des besoins s'élevait à 2,9 milliards MGA. Finalement, l'Etat a apporté 2,3 milliards MGA débloqués en 2012 dans le cadre d'une augmentation de capital. Cet apport a été très important pour la relance de SOAVOANIO SA dans la mesure où il a contribué à la sécurisation des 900 emplois directs, au paiement des arriérés...

BT : Quelles sont vos perspectives pour 2013 ?

AC : L'apport de l'Etat a été une bouffée d'oxygène pour SOAVOANIO SA. Il a été utilisé pour réhabiliter tous les matériels et infrastructures de production, pour acheter des engrais et des produits phytosanitaires, pour payer les salaires et les obligations sociales. Pour preuve, la production de noix

de coco de 2011 à 2012 est passée de 8,2 à 12,4 millions. Cette année, elle sera encore meilleure avec une estimation de plus de 13,2 millions de noix. Il en est de même pour les activités annexes. De nouvelles plantations d'une superficie de 130 Ha sont au programme. Bien évidemment, cette extension nécessite de nouvelles embauches. Le renforcement de la coopération avec la gendarmerie est également nécessaire pour minimiser les vols et les squattérisations (à noter que les vols s'élèvent à 15% de la production), dans la mesure où une personne s'occupe de cinq hectares de plantation.

A titre indicatif, cela équivaut à cinq terrains de football. Afin de pallier ces problèmes, la population avoisinante sera, à terme, incitée à la plantation. Une surface de 3 000 Ha est disponible à cet effet.

BT : Apparemment, le marché est florissant. Quelle est votre politique commerciale pour faire augmenter davantage vos chiffres ?

AC : SOAVOANIO SA est installée à Sambava en raison des caractères écologiques de la région, très favorables à la production de coco. Le rendement mensuel y est excellent par mois et la production est continue, c'est-à-dire, toute l'année. Malgré cela, la vision de développement de SOAVOANIO SA ne repose pas sur des objectifs commerciaux. Dans un tel cas, le siège aurait été fixé à Toamasina, à proximité du grand port, près des voies maritimes et routières mais où les conditions climatiques ne sont pas très favorables avec une production de 10 mois par an.

Pour l'heure, SOAVOANIO SA veut se concentrer sur son redressement. Ceci équivaut pour l'instant à la maîtrise de la technique de culture de coco pour assurer une production et un produit de qualité. Il faut veiller à ce que cette production soit ascendante. SOAVOANIO SA veut également assurer la relève dans la cocoteraie et dans les activités annexes. Ainsi, le recrutement de techniciens issus des lycées agricoles de Toamasina et d'Ambanja sont prioritaires.

INVITÉ DE L'ÉCONOMIE

(suite)



La cocoteraie s'étend sur 5 000 Ha

1968 : Début de l'opération cocotier dans la région de Sambava

1979 : Création de la Société SAMBAVA VOANIO par le Décret n°79-077 du 21/03/79 (Etat : 80% - apport en nature / BTM : 20% - apport en numéraire)

1985 : Transformation de la Société en Société Anonyme dénommée SOAVOANIO SA avec Conseil d'Administration

1990 : Consolidation des dettes de l'Etat et de la BTM et ouverture du capital à des tiers pour 6,5% (Etat : 78,5% - BTM : 15% - Tiers : 6,5%)

2012 : augmentation de capital après apport de l'Etat passant de 300 000 000 MGA à 2 297 600 000 MGA



Les activités annexes autour du cocotier ne manquent pas



Rien ne se perd. Les coques de noix de coco servent à faire des bois de chauffe

Moi-même j'ai suivi une formation spécialisée dans la cocoteraie à l'étranger. Cela n'exclut pas le recrutement de bacheliers à former sur le tas ! Ils auront toujours l'occasion de passer un concours interne pour bénéficier d'une promotion. Un manœuvre passe un concours pour devenir un chef d'équipe par exemple. Un plan de carrière est instauré en interne pour la pérennisation de la société et de la filière.

BT : Parlez-nous du marché.

AC : SOAVOANIOSA n'arrive pas encore à satisfaire les besoins exprimés sur le marché national. Par ailleurs, les demandes sont constamment revues à la hausse malgré la concurrence des produits importés. Les ventes locales sont maximales pendant le ramadan alors que seule la partie Nord de l'île est desservie. Toute la partie Sud – Sud Ouest est délaissée. SOAVOANIO SA vend également des noix de semence à l'île de La Réunion, à Maurice et à Mayotte. Ils les utilisent pour mieux embellir leurs espaces verts.

BT : Pourquoi n'arrivez-vous pas à desservir les autres localités ?

AC : Sambava est une localité enclavée surtout en période cyclonique (routes impraticables). L'acheminement des produits doit se faire par voie terrestre sur Antsiranana et sur Antananarivo. Pendant la saison de pluies, ils doivent obligatoirement passer par Antalaha (voie terrestre) pour être embarqués sur Toamasina (voie maritime).

Le marché s'élargirait davantage si le tronçon Sambava-Vohémar- Ambilobe, une distance de seulement 160 km était bitumée. Il est plus facile pour SOAVOANIO SA de s'approprier le marché mahorais suivant le circuit Nosy Be-Mayotte, plutôt que de vendre dans le sud de Madagascar compte tenu du coût de revient. C'est également ce problème de coût qui prévaut en parlant du marché malaisien. La Malaisie est pourtant intéressée par nos cocotiers et des pourparlers sont en cours... A priori, les coûts reviendraient chers : embarquement Sambava – Antalaha – Toamasina – Malaisie. L'acheminement par avion est quasiment impensable.

BT : Immixtion de la politique suite à la stratégie de redressement de SOAVOANIO. En êtes-vous concerné ?

AC : SOAVOANIO SA est libre d'appliquer sa politique et sa stratégie de redressement. Le Trésor Public a été très clair dans les conditions d'octroi de fonds. Je suis convaincu que l'indépendance des dirigeants et leur bonne volonté de garder leur indépendance sont la clé de succès d'une société. Vous savez très bien que la société d'un ancien dirigeant du pays a des actions dans SOAVOANIO SA mais cela n'interfère en rien aux marges de manœuvre de SOAVOANIO SA.

▲ Texte de ANDRIANJAZA,
Photos de iAko RANDRIANARIVELO

IZAHO SY NY ASAKO



Georgianne RAMANANTENASOA

Agent détaché, miandraikitra ny Kaominina Ambonivohitr'i Toliara sy ny Chambre de Commerce et d'Industrie

san'ny andraikitra lehibe eo anivon'ny Tahirimbolam-panjakana ny fitanana ny kaontin'ny Collectivité sy établissements publics satria mitokana sy miavaka ny fanatanterahana ny opérations rehetra.

« Efa ho fito taona izao no nanaovako ity asako ity. Miezaka ny hanatsara azy aho mba ho mendrika hatrany ny fahatokisan'ny lehibeko. Tsy mbola nanana olana aho hatramin'izao. Ikirizako ny asako satria hamelomako ny zanako mianadahy.

Efa voalamiko ny fandaharam-potoanako.

Isa-maraina : Mandray ireo percepteurs sy régisseurs haka tickets sady mandray ireo émissions aho isa-maraina. Amin'ny tolakandro kosa dia ny mandrakitra ny fihetsehan'ny kaonty rehetra ao anaty solosaina sy ao anaty bokin-kaonty.

Ny zomà dia atokako ho fandraisana ireo percepteurs handrotsaka vola.

Tsy maintsy maka fotoana aho hanasokajiaiko ireo antontan-taratasy isan-karazany kirakiraiko mba hanamora ny pointage rehefa hamoaka balances en deniers sy en valeurs sy hanamora ny fandefasako ny Comptes de gestion isan-telo volana any amin'ny Tribunal Financier na any amin'ny Cour des Comptes.

Ny tokantranoko ao anatin'izany ?

Tsy ataoko ambanin-javatra. Tsy maintsy manana fotoana hikarakarana azy aho satria amin'ny 4 maraina aho dia efa mifoha mandamina sy mahandro sakafo mba ho tonga ara-potoana any am-piasana. Tsotra ny fiainako ary tsy mikorontana fa misy fotoana ifampiresahan'ny mpianakavy, misy fotoana voatokana fampianaran-desona ny ankizy ary eo no anararaotana hampitana ny zava-misy mba ho entiny hiatrika ny ho aviny. Rehefa vita ny asako rehetra dia ny mijery tantara amin'ny fahita lavitra no fialamboly tiako indrindra.

Iriko mafy na mbola tsy tanteraka aza ankehitriny ny ho mpiasa raikitra ato amin'ny Tahirimbolam-panjakana. Izany no antony nanaovako série G2 tao amin'ny Lycée Technique Industriel Toliara, nefa indrisky fa tsy tafita. Tato amin'ny TG Toliara no nahazoako traikefa sy fahalalana be ary koràna matetika indrindra fa eo amin'ny mpiara-miasa.

Ny hafatro ? Sehatra asa mafy sy mavesatra ny ao anatin'ny Tahirimbolam-panjakana ka mila mivavaka mandrakariva amin'Andriamanitra mba hananana fahalalana sy fahaizana ary fahendrena satria asa masina ny asantsika ».

SOSIALY

Ireo nisotro ronono



Constant RASOANANDRASANA
Employé de service, 34 taona niasana
PP Vangaindrano

Ny 01 jolay 1979 no tafiditra *garde caisse* tao amin'ny PP Vangaindrano izy ary tsy niala tao mihitsy.

Ny tena nahafinaritra azy indrindra dia ny nahazoany fisondrotana teo amin'ny asa. *Classe Exceptionnelle 2ème classe* izy amin'izao nisotro ronono izao.

Anisan'ireo niasa mafy Andriamatoa RASOANANDRASANA. Olona mazoto, mailaka ary tsy nisy azo nokianina mihitsy ny asany, hoy ny *Percepteur Principal*.

«Mirary soa sy fahasalamana ho an'ny mpiara-miasa ao Vangaindrano» hoy izy.



Andriamparany RAKOTONDRAJAO
Contrôleur du Trésor, 33 taona
Trésorerie Ministérielle chargée de
l'Enseignement - Anosy

Chef du service recouvrement tao amin'ny TP Antsiranana izy raha vao niditra niasa ny 29 oktobra 1980. Nahazo famindran-toerana ary lasa *Chef du service de la Comptabilité* tao amin'ny TP Mahajanga ny 18 oktobra 1986. Voatendry ho *Agent Comptable* tany Japon ny 16 desambra 2003 hatramin'ny 16 martsa 2012. Niverina teto an-tanindrazana ary niasa tao amin'ny TME Anosy hatramin'ny fotoana nandehany nisotro ronono.

Ny nitondrany vola be nanaovana *paiement* tany Mitsinjo, Mahajanga, ny taona 2000 no fahatsiarovana ratsy indrindra ho azy. Fahavaratra ny andro tamin'io no sady ratsy dia ratsy ny lalana. Nivadika tampoka ny *taxi-brousse* nandehanan-dry zareo. Samy nanavotra aina sy nivoaka malaky avy tao anaty fiara avokoa ny mpandeha, eny hatramin'ny zandary niaraka taminy. Andriamatoa RAKOTONDRAJAO kosa dia tsy niala tao anaty fiara mihitsy, niaro ilay vola be.



Justin RANAIVOSON
Comptable du Trésor, 36 taona niasana
TG Manakara

Tao amin'ny TG Manakara Andriamatoa Justin RANAIVOSON no nanomboka niasa ny 01 Jona 1977. *Teneur de livre sy comptable* no andraikitra nosahaniny tamin'izany raha toa ka *Centralisateur*-n'ny *Régies Financières* ary fandoavana ny volan'ny JIRAMA no andraikitra notanany farany. Tsy niala tao Manakara mihitsy izy mandram-pandehany nisotro ronono. Roa ambin'ny folo taona no nitanany *caisse* ary matetika dianisolotoerana ny *Percepteur Principal* Farafangana izy nandritra ny fotoam-piasany. Ny fakana am-bavany natao

taminy, noho izy vavolombelona tamin'ny fanodinkodinam-bola nataon'ny mpiara-miasa taminy no fahatsiarovana ratsy indrindra ho azy.

Ny nahatrarany ny fisotroan-dronono, ny nahazoany mari-boninahitra *Officier de l'Ordre National Malagasy* sy ny fiandrasany ny *Commandeur*, ny ambiatsy niaraka tamin'ny *Trésorier Général* ao Manakara ary ny nanavaozana ny toeram-piasany kosa no fahatsiarovana tsara indrindra.



Ignace RAKOTOARININDRINA
Technicien Supérieur, Classe Principale
38 taona niasana
PP Ambohidratrimo

Ny taona 1975 no nanomboka niasa tato amin'ny *Perception* Besarety izy. Nafindra tany amin'ny PP Ambohidratrimo ny 11 janoary 2006. *Agent de recouvrement* no asany. Tsy nifindra toeram-piasana intsony izy taorian'izay hatramin'izao fotoana nandehany nisotro ronono izao.

Mafimafy ny asa hoy izy, ary niantraika tamin'ny fahasalamana mihitsy izany. Voatery nijanona tsy

nitana *poste* mihitsy izy nandritra ny herintaona noho izay tsy fahasalamana izay. « Mahafinaritra avokoa ny mpiara-miasa rehetra tany amin'ireo toerana niasako ireo, ary mirary soa ny mpiara-miasa rehetra mbola tafajanona eto amin'ny Tahirimbolam-panjakana ary enga anie ka samy ho todisoa amin'ny fotoanan'ny fisotroan-dronono avokoa isika rehetra » hoy izy tamim-pitsikiana namarana ny teniny.



MAHAROFO
Agent Technique de Coopération,
36 taona niasana
PP Ambilobe

Niasa tao amin'ny Ministeran'ny *Privatisation* izy talohan'ny nidirany tato amin'ny Tahirimbolam-panjakana. *Teneur de Livre* tao amin'ny PP Ambilobe izy.

Nahazo famindran-toerana ho ao amin'ny TG Antsiranana ny volana martsa 2008 hatramin'ny jolay 2011. Niverina tao Ambilobe indray taorian'izay ary tsy niala tao

mandram-pandehany nisotro ronono.

Nahafinaritra azy avokoa ny asa sy ny fiarahany tamin'ny mpiara-miasa ary tsy mba nisy fahatsiarovana ratsy taminy mihitsy teo amin'ny lafiny asa.

«Mahereza daholo isika mbola amperin'asa», hoy Andriamatoa MAHAROFO.

Mankasitraka sy misaotra ary mitsodrano azy dimy mirahalahy noho ny asa vitany ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana.

▲ Yves RAKOTO

Ho an'izay sampandraharahan'ny Tahirimbolam-panjakana manam-baovao tiana hampitaina dia afaka miantso ny ekipan'ny Tahiry
(034 07 622 24 na 034 07 622 47) na hanoratra amin'ny Bassline 192.168.8.123 na amin'ny gazetytahiry@gmail.com

ACTUALITÉS

Agent Comptable: Fifamindram-pahefana tany La Réunion sy Allemagne

Tontosa ny 07 febroary 2013 lasa teo ny fifamindram-pitantanana teo amin'Andriamatoa Marcel RABENAIVO, *Inspecteur du Trésor, Agent Comptable* tao amin'ny Masoivohon'i Madagasikara any Allemagne, sy Andriamatoa Benjamin RAZAFIMANDROSO, *Inspecteur du Trésor, Trésorier Général* niasa tany Toamasina teo aloha. Tany Berlin, renivohitr'ity firenena ity no nanatanterahana izany fifamindram-pahefana izany.

Ny 05 martsa 2013 kosa no nanatanterahana ny fifamindram-pahefana teo amin-dRamatoa Noëline Bakoly RAZANAMPAMONJY, *Technicien Supérieur, Agent comptable* tao amin'ny *Consulat Général de Madagascar* ao La Réunion, sy Andriamatoa Andrianatoandro RATSIMANDRESY, *Contrôleur du Trésor*, nitana ny *caisse-n'ny Trésorerie Générale* Toliara nandritra ny taona maro.

Izao fifandimbiasam-toerana izao no natao dia noho ny nahatrarant'ireto mpiasa nosoloina ireto ny fotoana fandehany



Tamim-pirahalalana tanteraka no nanatontosana ny fifamindram-pahefana

misotro ronono. Marihina fa Andriamatoa RABENAIVO Marcel dia nahafeno 34 taona niasana teto amin'ny Tahirimbolam-panjakana raha 33 taona ny an-dRamatoa Noëline Bakoly RAZANAMPAMONJY. Ampahatsiahivina fa ny *Contrôleurs du Trésor* sy ny *Percepteurs Principaux des Finances* no afaka mandray anjara amin'ny fifaninanana ho *agents comptables* any ivelany ka misy fepetra takiana mialoha ny fifaninanana. Ny *agence comptable* ao Paris sy ao Berlin kosa no tazomina *Inspecteur du Trésor*.

Fankasitrahana feno. Averina etoana ny teny fankasitrahana sy fisaorana an'Andriamatoa Marcel RABENAIVO sy Ramatoa Noëline Bakoly RAZANAMPAMONJY noho ny asa vitan'izy ireo teto amin'ny Tahirimbolam-

panjakana. Tsofin-drano kosa Andriamatoa Benjamin RAZAFIMANDROSO sy Andriamatoa Andrianatoandro RATSIMANDRESY hahaleo hahalasana, tsy handraraka ilomby an-doha ka hanohy ny ezaka izay efa natomboka amin'ny fanatsarana ny fitantanana ny volam-bahoaka izay marihina fa tena adidy mavesatra tokoa iantsorohan'ny Tahirimbolam-

panjakana.

Fanatsarana ny fitantanana. Betsaka ny ezaka ataon'ny Tahirimbolam-panjakana mba hanatsarana ny fitantanana ny volam-bahoaka sy ny kalitaon'ny kaotim-panjakana. Anisan'izany ny fikirakirana amin'ny alalan'ny solosaina ny fitanana ny kaonty.

Efa notolorana solosaina miaraka amin'ny logiciel fampiasa amin'ny fitantanana volam-bahoaka ny ACPDC tamin'ny volana desambra lasa teo.

▲ Hanitra RANDRIANIRINA

SOSIALY

Ireo tera-bao



Nitombo isa indray ny zanaky ny Tahirimbolam-panjakana. Vavy kely iray no teraka tetsy amin'ny *Clinique des Soeurs Ankadifotsy*, ny 5 martsa lasa teo. Tsy iza izany fa i Maylie Fortunée RAOILIJON, 3,100

kg, zanaka faharoan'i Tolotra RAOILIJON, *Chargé de Communication* eo anivon'ny DGT sady mpikambana eto amin'ny Gazety TAHIRY sy Fabienne RAMAROBANDRO.



Hafaliana lehibe ho an'Andriamatoa Vonjy José RAZAFIMAHATRATRA, PP Marolambo sy Ramatoa Sitraka ANDRIATSIVAHA, PP Mahanoro no mampanahafantatra antsika ny fahaterahan' i Vonjy Kaliana Océana

ANDRIAMANANKASINA (vavy kely), tao amin'ny Hopitaly Atsimo Antsirabe, ny 24 febroary 2013. Zaza voalohany ary nilanja 3,640 kg i Kaliana. Niavaka kely izy satria tonga dia ninono raha vao teraka.



Nahazo fahasoavana koa ny mpiara-miasa amintsika ao amin'ny DDP satria tera-dahy ny 04 martsa lasa teo, tetsy amin'ny *Clinique des Soeurs Ankadifotsy* RAOILISON Marielle Jocya, andefimandrin'i Maminiaina Manitrarivo RAKOTOARIVELO (*Informaticien* DDP). Zaza voalohany ary i Mahagaganiaina Emmanuel RAKOTOARIVELO no anaran'ity sombin'ny ain'izy roa ity.

Miarahaba ny ray aman-drenin'izy telo mianadahy nomen' Andriamanitra ny fara ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana Malagasy.

ECHOS DE LA CÉLÉBRATION DU 50^{EME} ANNIVERSAIRE

Antsirabe est connue pour sa... fraîcheur, mais la fête du Trésor Public Malgache a été... chaude

Avant dernière mission. Du 27 février au 1er mars 2013, Antsirabe a été la tribune de la célébration du 50ème anniversaire du Trésor Public Malgache. Les agents du Trésor Public venant de Morondava, de Miarinarivo et de Tsiroanomandidy étaient présents. Pleins feux sur les festivités de la Ville d'Eaux.

▲ Pages réalisées par Voasary Ravo RAONIZAFINARIVO, Ony Nandrianina RABENANTOANDRO, iAko M. RANDRIANARIVELO



Les matchs ont été disputés... sans merci... Un agent de la TG Tsiroanomandidy a même eu une fracture à la jambe.



Menabe : Hisôma kilalake.



Miarinarivo dans toute sa splendeur... Vive la soie!



«Tsy ekena mihitsy ny hadalana» dixit La Compagnie d'Antsirabe.



«Mba handroso i Bongolava» espère l'équipe de la TG Tsiroanomandidy.



L'exposition a attiré une foule.



Zovy mahere ? Trésor.



Comme d'habitude, l'ambiance était au rendez-vous.

ECHOS DE LA CÉLÉBRATION DU 50^{ÈME} ANNIVERSAIRE

Comme à l'accoutumée, la célébration délocalisée du 50ème anniversaire du Trésor Public Malgache est une occasion pour les Trésoriers Généraux participants d'apporter des éclaircissements sur les rôles du Trésor Public en tant que comptable des organismes publics.



Les TG ont proposé des solutions pour améliorer divers aspects de la mission comptable du Trésor Public



Une assistance attentive...

Andrianina **RAHERIMANDIMBY**, fondé de pouvoirs au sein de la TG Miarinarivo (le trésorier ayant été absent) a parlé des rejets: les principales raisons et des suggestions pour les éviter. En effet, entre 2010 et 2012, le taux de rejet de dossier au sein de la TG Miarinarivo est passé de 10% à 25%. Ignorance et négligence de la part des ordonnateurs, falsification et confusions diverses... sont autant de facteurs qui engendrent les rejets. Par ailleurs, l'uniformisation des pièces justificatives est impérative pour que l'exécution des dépenses soit plus fluide.

Les exposés des trois autres Trésoriers Généraux ont tourné autour de l'exécution budgétaire des Collectivités Territoriales Décentralisées (CTD).

Suzy RATSIMBAZAFY et **Andry RAKOTOARIDERA**, respectivement Trésoriers Généraux de Morondava et de Tsiroanomandidy ont souligné l'importance des régies de recettes. Ces régies de recettes, ont-ils noté, sont les principales génératrices de ressources pour les CTD. Le TG Tsiroanomandidy a dénoncé, non seulement la tendance à la baisse du niveau des recettes (les recettes recouvrées en 2012 représentent à peu près la moitié des recettes recouvrées en 2008) mais également la faiblesse du taux de recouvrement : seulement 14,78% des recettes potentielles ont été recouvrées.

Le TG Antsirabe **Jules TOLY NOMENJANAHARY**, parlant des impôts fonciers, a, quant à lui, révélé que, pour la ville d'Antsirabe qui est une des plus grandes villes de Madagascar, le montant des recouvrements de ces impôts a un caractère incertain et hasardeux. Les titres émis augmentent rapidement, alors que le montant des recouvrements reste faible.

La conclusion a été la même : sensibilisation, recensement, contrôle, encadrement et poursuite impartiale doivent être à l'ordre du jour pour améliorer les ressources des CTD.

Miresaka ireo nanatrika

Maholisoa Morel RABEHASILALA, Agent détaché-n'ny kaominina PP Soavinandriana miankina amin'ny TG Miarinarivo

« Hatramin'izay nahatafiditra ahy tato amin'ny Tahirimbolam-panjakana tamin'ny taona 1998 dia mbola tsy nahita tahaka izao mihitsy aho. Isaorana ny Tale Jeneraly noho ny fanatontosana izao zavatra goavam-be izao. Ny faniriako dia ny mba hampidirana anay *détaché* ho tena mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana »



Hervé RASOLOMANANA,
Directeur Régional de l'Assurance Ny Havana

« Nahafantarana zavatra maro indrindra ny andraikitra ny Tahirimbolam-panjakana amin'ny ank-pobeny sy eto amin'ny Faritra misy anay ny kabary nifandimbiasana sy ny fampirantiana. Faly izahay miara-mankalaza amin'ny Tahirimbolam-panjakana Malagasy ny fahadimampolo taonany. Mirary soa indrindra ho an'ny Tahirimbolam-panjakana.»



Perle RAMBOASOLO, Inspecteur du Trésor à la retraite

«Tanora sady mihetsiketsika be ny mpiasan'ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana ankehitriny. Tsy matahotra ny hanome ny heviny, samy manao ny asany daholo ary samy manana ny maha izy azy avokoa !!! Anisan'ny tena tombony lehibe ho an'ny Trésor izany. Tsara sy mirindra ny fihetsiketsehana rehetra ary tsapa tamin'ny seho fa tena tamin'ny fo no nanatanterahana azy. Ary izay mihitsy no tena ilaina, ny zava-misy sy ny tena marina. Tsy ilaina mihitsy ny zavatra amboamboarina, ny voajanahary ihany e!»



Martin RAMANAJANAHARY sy **Mariette RAVAOARISOA**, retraité Morondava

«Mihatra aman'aina sady sarotra ny asan'ny Tahirimbolam-panjakana. Tamin'ny andronay dia efa nisy nikasa ny hamono ny tenanay tao Toamasina, taorian'ny fikasana fanodinkodinambolam-bahoaka tao amin'ny *Perception Principale* nitan-dremanay. Taorian'ny nandehana aza moa dia maty nisy namono ny TP *Fénérive Est*. Ny tena nahafinaritra ahy dia fony aho Trésorier tao Morondava dia voavatra ny tranon'ny Trésor tamin'izany ka voninahitry ny tanàna manontolo ny zava-bita. Tsapako ho tena nisy dikany sy nisy ventiny ny zavatra nataoko.»



Paul RAZANAKOLONA
Lehiben'ny Faritra VAKINANKARATRA

«Tsara ny fampirantiana nahafantarana ny tena andraikitra ny Trésor sy ny Trésorier Général. Raha ho an'ny Vakinankatra manokana, mahay miara-miasa ny Trésorier Général sy ny Talem-paritra rehetra, samy mankato sy manaraka ny lalàna ny rehetra. Isaorako manokana ny TG ny fahaizana mandrindra ary rehefa misy aza ny olana, mahay mifampiresaka ka voavaha hatrany. Enga anie ho toy izany avokoa ny firindran'ny amin'ny faritra hafa rehetra.»

ECHOS DE LA CÉLÉBRATION DU 50^{EME} ANNIVERSAIRE

Clôture de la tournée dans la capitale du Betsileo

Fianarantsoa, la deuxième ville du pays, a accueilli les 21 – 22 – 23 mars 2013 la dernière tournée de la célébration. L'évènement y a été célébré en fanfare en présence du personnel des TG Fianarantsoa, Ambositra, Mananjary, Farafangana et Manakara. Des animations culturelles et sportives ainsi que des conférences étaient au programme. L'apothéose était le savika, cette corrida à la malgache qui a toujours été la spécialité du pays Betsileo. Moments inoubliables. Arrêt sur image

▲ Pages réalisées par ANDRIANJAZA, Rivolala RANDRIANARIFIDY, Oniaina Saintia RAKOTONINDRINA; iAko M. RANDRIANARIVELO



On a gagné !...on a gagné !...
L'euphorie de l'équipe Sélection Trésor Tana pour avoir remporté la finale foot à 7



Partis pour sillonner la haute ville de Fianar sur 3 km



Les audacieux se lancent dans l'arène pour défier les zébus



Au rythme du batrelaky... (TG Farafangana)



Une démonstration de la cérémonie du Sambatra par la TP Mananjary



L'équipe de la TG Fianarantsoa en pleine parade



Manakara en tenue traditionnelle de la région



L'équipe d'Ambositra en plein... asa ampinga



En avant le kidodo, une danse fianaraise.



Comme à l'accoutumée, le partage du gâteau pour couronner la soirée

A LA MEMOIRE DE CHEF DAMA

Chronique parue dans Tahiry n°6 - AVRIL 2011

Le paradoxe du contrôle des finances publiques malgaches à la fois redondant et inexistant



REDONDANCE DES CONTRÔLES SUR LE VOLET « RÉGULARITÉ ».

Les contrôles exercés actuellement par tous les organes de contrôle existants sont superposés au contrôle de régularité. Ainsi, les organes administratifs de contrôle (Contrôle Financier, Inspection Générale de l'Etat, Commission des Marchés Publics, Brigade d'Inspection et de Vérification du Trésor) vérifient tous si l'exécution d'un budget public est conforme aux règles applicables. Le contrôle juridictionnel exercé par la Cour des Comptes reste également axé sur la vérification de la régularité des recettes et des dépenses décrites dans les comptes produits par les comptables publics supérieurs. Dans la pratique, ces contrôles de régularité redondants s'accumulent surtout sur les seules opérations exécutées par les comptables publics.

ZONES DE NON CONTRÔLE.

D'autres aspects de l'exécution des finances publiques ne sont contrôlés par aucun de ces organes de contrôle. Ainsi, la réalité du service fait n'est vérifiée que par le GAC : une fausse certification permet donc de faire payer une prestation non conforme, voire inexistante. A cause de l'absence d'un référentiel des prix, aucun contrôle fiable de la moralité des prix n'est pratiqué : d'important risque d'une surévaluation des besoins ou d'une surfacturation en découle (exemple d'un poulet de chair à 20.000 MGA le kilo, ou d'un rideau à 2.000.000 MGA). De même, aucun des organes de contrôle existants ne s'intéresse à l'opportunité d'une dépense, ce qui rend possible le paiement d'une prestation dont la nature n'a aucun rapport ni avec la vocation de l'organisme ni avec ses résultats attendus (exemple d'un billet d'avion ou d'un costard réglé par un établissement public au profit d'une personnalité de son ministère de tutelle technique).

tère de tutelle technique).

Plus grave encore, aucun contrôle de performance n'est exercé par ces organes de contrôle alors qu'il est devenu nécessaire après le passage du budget de moyens au budget de programmes. Ainsi, aucun contrôle de la part desdits organes ne porte sur la pertinence des indicateurs de performance retenus, ni sur la réalité de l'impact de l'action de l'organisme sur l'économie nationale ou sur le social, ni sur la qualité du service rendu aux usagers, ni sur l'efficacité de la dépense. Un contrôle externe est plus indiqué sur ces points.

Enfin, la gestion des recettes budgétaires est à peine touchée par l'intervention de ces organes de contrôle. Or, le risque de détournement d'une recette déjà encaissée par une régie financière (Douane, Centre Fiscal, Domaine, Topographie, Eaux et forêts, Régisseurs divers) n'est pas négligeable. La sous-évaluation, voire la non constatation d'une recette douanière, fiscale ou non fiscale est aussi possible, car la quantité de matière imposable (assiette) n'est pas indiquée ni dans les prévisions, ni dans les réalisations.

Plus grave encore, aucun contrôle de performance n'est exercé par ces organes de contrôle alors qu'il est devenu nécessaire après le passage du budget de moyens au budget de programmes. Ainsi, aucun contrôle de la part desdits organes ne porte sur la pertinence des indicateurs de performance retenus, ni sur la réalité de l'impact de l'action de l'organisme sur l'économie nationale ou sur le social, ni sur la qualité du service rendu aux usagers, ni sur l'efficacité de la dépense.

Un contrôle externe est plus indiqué sur ces points. Or, si la loi organique sur les lois de finances a édicté que la Cour des Comptes assiste le Parlement et le Gouvernement dans le contrôle de l'exécution des lois de finances, aucune précision n'est encore connue sur l'objet, la portée,

ou le périmètre de cette assistance. De même, le contrôle politique qui devrait être exercé sur l'action du Gouvernement par le Parlement ne touche pas encore au contrôle de la performance : il s'intéresse plutôt à des situations globales (dépenses engagées et ordonnancées, mouvements de crédits, arriérés de paiements, trésorerie et dette publique, recettes fiscales et douanières, secteur réel, commerce extérieur, circulation monétaire, effectifs, etc.).

UNE REDEFINITION NECESSAIRE DU ROLE DES ORGANES DE CONTROLE

Force est néanmoins de constater qu'une évolution du système de contrôle des finances publiques s'impose, suite à celle des finances publiques elles-mêmes. Aucun autre choix n'en est plus disponible. A fortiori, il s'agit d'un vent qui souffle à travers le monde et qui vise à combler toutes les zones de non contrôle. Bref, une redéfinition du rôle, attributions, mission et organisation des organes de contrôle devient une nécessité impérieuse pour s'adapter à la pression de l'environnement actuel des finances publiques.

Etant donné que tout organe de contrôle apparaît comme « une petite goutte d'eau dans un océan » devant le volume des opérations à contrôler, et afin de couvrir tous les points de contrôle jugés utiles, une mise en cohérence s'avère nécessaire entre tous les organes de contrôle existants. En outre, les inspections de service auprès des ministères et institutions sont appelées à renforcer leur intervention. Enfin, la mise en place de mercuriales nationale, régionale, ou communale des prix est inévitable, si son efficacité par rapport à une mise en concurrence correctement appliquée est vraiment reconnue et admise.

▲ Jean Damascène RABEHOAVY

TSIARO AN'I CHEF DAMA

Lasa i Chef Dama



Ny Alakamisy 21 martsa 2013 lasa teo izany hoe herintaona sy efa-bolana taorian'ny fahatsentsenan'ny lalan-dra, no nandao antsika teo amin'ny faha 49 taonany i Jean Damascène RABEOAVY, fantatry ny mpiara-miasa amin'ny anarana hoe : *Chef Dama*. Ny gripa mahery be nahazo azy nandritra ny roa andro nisesy, no ahiana ho tsy zakany ka nitarika izao fahafatesany izao, hoy ny fianakaviany.

Isaky ny manao zavatra ltompokolahy dia tena ataony amin'ny izay faran'ny vitany. Tsy teo

amin'ny asa ihany izany fa hita taratra tamin'ny fiainany andavanandro koa. Raha toa ka nifoka sigara be sy tia kafe izy taloha, tao anatin'ny fotoana fohy monja dia afaka tamin'izany. Nambarany fa tsy vokatry ny herintsaina irery no nahavitany izany, fa noho ny herin'Andriamanitra izay nampiova fo azy.

Toetrany : Olona tsy miovaova, tsy be teny



Am-pitsikiana hatrany no nanatanterahan'i Chef Dama ny asany fony fahavelony

kanefa mahita zavatra hampihomehezana mba hamoronana ambiatsy foana ltompokolahy. Izany rehetra izany anefa dia nataony am-



Chef Dama sy ireo mpiara-miasa aminy akaiky tany am-pamitana iraka pahamatorana hatrany.

Ny Zoma 22 martsa lasa teo no niala tao amin'ny trano fonenany tetsy Andohanimandroseza ny nofo mangatsiakan'ltompokolahy Jean Damascène RABEOAVY, nentina nanomezam-boninahitra an'Andriamanitra farany tao amin'ny Fiangonana FLM Ambolokandrina, mialoha ny nandevenana azy tany Ambila Manakara, misy ny fasan-drazany, ny Alatsinainy 25 martsa 2013. Napetraka tamin'ny toeran'ny Mpanjaka izy araka ny fanamarihan'ny fianakaviany.

Ireo dingana nolalovany

- Bac série C
- Licence et Maîtrise en Economie
- Inspecteur du Trésor (IT1) : 1997. Anisan'ireo telo voalohany mendrika indrindra izy
- Niasa tao amin'ny TP Taolagnaro : sept 1997

- TP mpisolo toerana : martsa 1999
- Agent comptable-n'ny Alimentation en Eau dans le Sud sady Dépositaire comptable-ny CCAL mpisolo toerana tao amin'ny DGT : mai 1999

- Trésorier Principal Taolagnaro : novambra 1999
- Lasa tao amin'ny TP Fianarantsoa : jolay 2003
- Nifindra tao amin'ny DBIV : 2004
- Chef d'Unité I DBIV : septambra 2006

Ny fandevenana



Nitsapa alahelo ny fianakaviana ny mpiara-niasa taminy tato amin'ny Trésor



Very olomanga ny tanànan'Ambila nilaozan'i Chef Dama



Tonga hatrany an-tanindrazana ny fianakaviamben'ny Tahirimbolam-panjakana



Ny famoahana ny razana teo an-tanàna



Vahoaka marobe no nitanjozotra nanatitra an'i Chef Dama hatreny amin'ny fasan-drazany

Ny Tahirimbolam-panjakana Malagasy dia mirary fiononana feno ho an'ny vadiny, ny zanak'ltompokolahy efatra mianadahy ary ny fianakaviany iray manontolo.

TSIARO AN'I CHEF DAMA

Hommages, souvenirs...Fahatsiarovana...



Orlando ROBIMANANA
Directeur Général du Trésor
Directeur de Publication
du bulletin TAHIRY

Je n'ai pas tout de suite réalisé quand Dorice, sa femme m'a annoncé cette nuit là que Dama venait de partir- Puis peu à peu, en entendant au téléphone ses pleurs et ses soupirs, j'étais consterné- je ne m'y attendais pas du tout car lorsque je lui ai rendu visite la dernière fois, il me semblait être en pleine forme. Il n'arrêtait pas de sourire. Il avait même retrouvé son humour. Son état général s'était amélioré. Puis après, les souvenirs des 18 ans durant lesquels je l'ai connu m'élevaient et ce n'est qu'à ce moment là que j'ai eu conscience de l'ampleur de sa disparition. Le pays a perdu l'un de ses plus dignes fils : hyper intelligent, bosseur infatigable, grand observateur et analyste de la gestion publique, très philosophe et plein d'humour, intimement convaincu et respectueux des principes et des valeurs défendus par le Trésor Public, persuadé de la nécessité absolue d'instaurer la bonne gouvernance afin de réduire la pauvreté. Dama livrait systématiquement et sans complaisance, avec beaucoup de courage, les résultats de ses analyses des situations. Il dénonçait les systèmes corrompus, inefficaces et inefficients et ne manquait jamais de proposer des solutions - Sa disparition est une grande perte pour la Nation- pour sa famille et évidemment pour le Trésor Public et pour le bulletin Tahiry. Pour ma part, je regrette sincèrement ce compagnon de lutte, ce proche collaborateur. Cet exemple d'efficacité, d'assiduité et de disponibilité. Je pense à sa famille, sa femme et ses enfants qu'il aimait tant. Reposes en paix Dama!



Tiana RAJAONARIVONY RAMANOEL
Directeur de la Comptabilité Publique
Tonian-dahatsoratra
ny gazety TAHIRY

Mitambolona daholo ny fiarahana rehetra tamin'i Damascène. Tsy hiteny azy Itompokolahy aho satria tsy maty ao an-tsaina ny fahatsiarovana azy. Tsy tato amin'ny gazety TAHIRY vao nifankahalala izahay fa efa hatrany ampianarana. Olona feno fahatsorana izy, tia mivazivazy nefa tsy manaiiky lembehana amin'ny foto-kevitra joroany. Tia miasa ary tsy afa-po raha tsy lavary avokoa ny andraikitra nankinina tamin'ny. Rehefa mbamisy fotoana ihaonan'ny samy mpinamana dia anisan'ireo izay tsy mpiteny firy fa mitsikitsiky fotsiny i Damascène saingy mihaino ary indrindra indrindra mitadidy ! Koa raha nahafaly na nampalahelo azy ny resaka nataonao teo dia mbola hiverenany resahana aminao iny amin'ny manaraka. Lasana nandao ho amin'ny mandrakizay i Damascène fa ny soa sy ny tsara ary ny mahafinaritra napetrany anie hijanona ao am-po sy ao an-tsaintsika tsirairay avy. Veloma Dama a !



Bienvenu Bernardin RAJAONARISON
Mpiasa ao amin'ny TG TAOLAGNARO

« Malahelo aho satria toy ny zokiko mihitsy no nandraisako an'i Chef Dama. Izy no nitantana sy nampianatra ahy namindra teo amin'ny asako ka tsy hohadinoiko mandrakizay. Izy no *trésorier* nandamina ny *comptabilité* tao Taolagnaro. Izy no angady nananana sy vy nahitana ny fanatsarana tao Taolagnaro izay notohizan'ireo nandimby azy ary mbola iainanay mpiasa hatramin'izao. Maty namela mamay toy ny tantely i Chef Dama. »



LAHARATSARA
Renin'i Chef DAMA

« Ny fianarana no tena nampivavaky anazy. Da nazoto nianaty izy. Da *premier* isaky ny fitonona *examen*. Na efa niasa aza izy da tsy nipetrpetraky fa nianaty. Nivavaka koa izy. Niova fo koa izy taty aoriana ka notokanana ho mpiandry. Fianakaviana kristianina rahateo iahay. laho da mpiandry. labany koa mpiandry. »



Jules TOLY NOMENJANAHARY
TG ANTSIRABE

« Niverina tato an-tsaiko daholo ny fotoana rehetra niarahana tamin'ny raha vao nandre aho fa nodimandry i Chef Dama. Hatreny amin'ny Oniversiten'Antananarivo mantsy dia efa nifankafantatra izahay. Mbola nitohy teny amin'ny IMATEP sy tato amin'ny Trésor izany. Ny tenany ihany no lasa nandao antsika fa ny asany kosa dia mitoetra ka tsy hanadinoantsika azy. Mandria am-piadanana Chef Dama »



Abel ZAFIMAHERY,
TG MAHAJANGA

« Tena malahelo tokoa aho amin'izao fahalasan'ny Dama izao. Sady iray fiaviana izahay no mbola nifampitondra toy ny mpirahalaha ihany koa. Na dia 15 taona monja aza no niasany dia nametraka ny dian-tanany teto amin'ny Trésor izy, indrindra teo amin'ny fanatsarana ny tontolon'ny asa sy ny fitanankaontim-panjakana. »



Gilbert RASOLONJATOVO
Mpiara-nianatra tamin'i Chef DAMA

« Teto Ambila izy no teraka. Zaza fahatelo izy tamin'ireo 7 mianadahy mpiray tampo aminy. Niara-nianatra teto hatrany izahay tamin'ny fahazazanay. Tsaroako tsara fa tena nahay tokoa izy tamin'izany ka nandingana ny kilasy 8ème. Afaka CEPE teto izy dia nanohy ny fianarany tany Manakara. Nafindran'ny rahalahin-drainy tany amin'ny CEG sy Lycée tany Fianarantsoa izy taty aoriana ka tao izy no afaka *bacc*. Niditra tao amin'ny lalam-piofanana *économie* izy teny amin'ny Oniversiten'Antananarivo. Vitany ny *maîtrise*-ny dia lasa tale lefitry ny KAFEMA tao Manakara izy. Tao izy no nandray anjara tamin'ny fifaninanana nidirana ho *Inspecteur du Trésor* ary niditra tao amin'ny Tahirimbolam-panjakana. Ny toetra tena nampivavaka azy dia izy tena mahitsy sy tsy mba manaiiky ny tsy rariny. Hentitra eo amin'ny zavatra rehetra izay ataony izy. Lehilahy mijoro amin'ny heviny tokoa izy. »



Victor JEAN NOMENY
TG MANAKARA

« Folaka andry niankinana isika nilaozan'i Chef Dama. Tohina tokoa ny foko amin'izao fahalasanany izao. Tsy afaka ato an-tsaiko ny fanampiany ahy fony izahay nanomana ny vokatra ny asa fikarohana nataoko teny amin'ny IMATEP. Nasehoko azy ilay «*mémoire*» ka tsy nahafa-po azy. Nanampiniavana mihitsy izy nanampy ahy namerina nandratra sy nanoratra ny boky. Afa-po tanteraka izy vao natolotra teny amin'ny toeram-pianaranay indray ilay boky. »

TSIARO AN'I CHEF DAMA



Tovohery ANDRIATSIRIHASINA
Directeur de la Brigade d'Inspection et de Vérification

«Mahatsapa ny fahabangana tokoa ny mpiara-miasa rehetra eto amin'ny DBIV eo amin'ny lafiny fampiofanana ny mpiara miasa noho ny fahalasan'ny Chef Dama satria dia tena navitrika tokoa izy tamin'izany. Tsy nitandro hasasarana mihitsy ny lehilahy

n'non'nona nitranga. Nanimba ny fahasalaman'ny Dama ny fitiavana ny asa sy ny fitadiavany ny fomba rehetra hanatanterahana izany mba ho tonga lafatra. Misaotra betsaka Chef Dama! Tsy hohadinonay ny asa vitanao rehetra».



Hanitra JEMIARIVONY
Secrétaire-n'i Chef Dama

« Maro ny fahatsiarovana tsara niarahana tamin'ny Chef. Ny tena tsy adinoko dia fony izahay mivory. Nanana ny fiteniny izay iny Chef-nay iny. Rehefa mandray fitenenana izy dia tsy maintsy misy mampihomely foana ny zavatra lazainy. Riadriaka foana amin'izany. Ah, tsara foana ny fiarahana e !

Tena olo-tsotra raha i Chef, tsy mba masiaka ary tsy nanana olana tamin'ny mpiara-miasa mihitsy izy. Olona tena niasa i Chef Dama. Mahavita tsy misakafo mihitsy izy matetika ny antoandro, rano fotsiny no sotroiny. Rehefa narary izy vao nasainy nanateran'ny zanany sakafo. Noho ny fitiavanay azy dia niezaka nandevina azy avokoa izahay mpiara-miasa taminy.»



Landy ANDRIAMIALIZAFY
Chef de l'Unité I - DBIV

«Olona tena faran'izay mazoto miasa, hentitra, izy. Misy dikany ary mahasarotiny azy avokoa ny antsipirany zavatra ataony. Tiany ho vitaina an-tsakany sy an-davany ary arapotoana avokoa izany. Vokany, matetika tsy misakafo atoandro izy, tara be vao mody ny hariva ary mbola mitondra asa mody sy miaritory ihany amin'ny alina. Rehefa manefa iraka aza ny tenany dia mahavita miasa mandramarina mihitsy.

Tena malahelo, tsy maharitra ka miteny azy matetika izahay mpiara-miasa. Tsy laitra tenenina mihitsy izy noho ny fitiavany asa.

Tia mampianatra koa Itompokolahy ary tena masiaka be ronono. Tsy mba reraka ary tia manazava izy. Na zavatra heverina fa faran'izay kely aza dia hazavainy amin'ny antsipirany. Ny tena tsy tiany kosa dia ny mahita mpianatra mandiso ny zavatra tokony ho hainy. Tsy miteny intsony izy raha sendra izany fa tonga dia izy mihitsy no manao azy. Taitra sady nalahelo mafy nahare ny fahalasanany satria efa nihatsara ny fahasalamany ary efa nanantena azy hiverina hiasa izahay. Indrisy anefa! Mandria am-piadanana Chef Dama! Misaotra tamin'ny zavatra rehetra.»



N'non'nona natao, n'aiza n'aiza naleha dia teny foana i Chef Dama



TAHIRY

Bulletin mensuel d'information et de liaison
de la Direction Générale du Trésor

Directeur de Publication
Orlando ROBIMANANA

Rédacteur en Chef

Tiana RAJAONARIVONY RAMANOEL

Rédacteur en Chef Adjoint

Voasary Ravo RAONIZAFINARIVO

Comité de Rédaction

Jean Noël RANAIVOSON

Haingotiana RAJEMISA

Mbolatiana RAMAMONJISOA

Hanitra RANDRIANIRINA

Naomi RAIVONIRINA

Zoely Narindra RAKOTONINDRAINNY

Rivolala RANDRIANARIFIDY

Yves RAKOTO

Landy ANDRIAMIALIZAFY

Tojo Hasina RAKOTOSALAMA

Haingotiana RAHANIRAKA

Ony Nandrianina RABENANTOANDRO

Mbolatiana ANDRIAMANALINA

Tolotra RAOILIJON

ANDRIANJAZA

Valérie RAKOTOSON

Oniniaina Saintia F. RAKOTONINDRINA

Infographiste/P.A.O.

iAko M. RANDRIANARIVELO

Tojo RASOAHOBY

Adresse

Porte 311, Ministère des Finances et du Budget

Antananarenina, 101 Antananarivo

e-mail : gazetytahiry@gmail.com – Tél. : 22 276 14

Imprimé en 1 400 exemplaires